Ireo Taom-Piangonana Fito

. . .ny Tompo Jesosy isaorana. Ary amin'ny fanantenana lehibe no iandrasako an'ireto harivan'ny fivoriana ireto, matoky fa na ahoana na ahoana, amin'ny fomba iray, dia hampitsiky amintsika an'ireo Fitahiany ny Raintsika any Andanitra. Ary matetitetika dia manana fanararaotra aho ny tonga mba hanana an'ireto fivoriana ireto ato amin'ny—ato amin'ny fiangonana, miaraka amin'ny vondrona, ianareo kely, ilay vondrona izay mambra eto amin'ny fiangonana, ary ireo mpitsidika, mazava ho azy.

2 Ary tsy nanaovana filazana ity. Fivoriam-bavaka Alarobia hariva iray tsotra fotsiny ilay izy. Ary hoy aho hoe, "Angamba hahita isika izao hariva izao raha hiverina." Ary nihevitra aho fa halaintsika indray izany, angamba, ka hanao filazana an'izany ho amin'ny herinandro manaraka, nahoana, izany dia . . . Afaka mametraka olona marobe isika eto.

3 Ary ireto karazam-pivoriana ireto, raha sitrak'Andriamanitra, dia tsy mivantana any amin'ny . . . Mivantana amin'ilay Fiangonana izany, ho an'ny tombontsoan'ilay Fiangonana, izay ahatsapantsika fa tena ilaina tokoa izy amin'ilay fotoana, na aiza na aiza, ilaina, ihany koa, ho an'ny fampandrosoana ny Vatan'i Kristy. Ary, ankehitriny ity, amin'ny fampianarana. Efa nanana asampanasitranana aho nandritry ny valo taona, nifanesy; ary noho izany, ny fampianarana, izany dia ho karazana zavatra iray vaovao.

4 Ary nieritreritra aho, tamin'io tolakandro io, rehefa nanokatra ny Baiboly aho, rehefa avy tena sahirana nandritry ny andro. Nieritreritra aho hoe, "Eny, niteny tamin'ny olona aho fa hampianatra eo amin'ny *Ireo Taom-Piangonana Fito,* angamba, raha sitraky ny Tompo." Namaky aho, ary vao nahazo an'izany, dia tena faly, rehefa nanomboka namaky azy aho. Dia nieritreritra aho hoe, "Eny, afaka maka an'izany rehetra izany ao anatin'ny hariva iray aho, ao anatin'ny adiny iray."

5 Noho izany, tsy fantatro izay asain'ny Fanahy Masina hataontsika. Isika, tsy manandrana hametraka na inona na inona isika. Ilay izy fotsiny dia, "Raha izany no ho Sitraponao, Tompo," hitanareo. Izany no tsara indrindra. Ary amin'izay fotoana izay, raha izany no ho sitrapon'ny Tompo, dia ho tiako ny hampianatra izao hariva izao eo amin'ireo taom-piangonana, ary rahampitso hariva dia eo amin'ny *Ny Mariky Ny Bibidia,* ary ny hariva manaraka dia eo amin'ny *Ny Tombokasen'Andriamanitra,* ary izay.

6 Ary, avy eo, Sabotsy. Oadray, ny rahalahintsika, ny mpiandry trano, dia vao avy niteny tamiko, androany; hoy izy hoe, "Raha nataon'izy ireo Sabotsy hariva sy Alahady maraina ilay izy, mazàna, rehefa tonga eo afovoantsika ireo vahiny, nahoana, dia ho tena maloto ny fiangonana, sy ny sisa."

7 Noho izany dia nanolo-kevitra izy ireo ny hakàna fotsiny ny Alarobia, Alakamisy, sy Zoma, ary Alahady maraina, Alahady hariva. Dia hoy aho hoe, "Eny, ho mety tsara tanteraka izany, raha ny amiko."

8 Koa noho izany dia hiezaka izahay, raha sitraky ny Tompo, ny hanao an'ilay izy ny Alarobia, Alakamisy, Zoma, Alahady maraina, ary Alahady hariva. Ary, angamba, ny Alahady hariva dia mety hanana fotoan'ny batisa isika, satria efa nangataka mikasika ny hatao batisa ny olona. Ary noho izany ankehitriny . . .

9 Ary hiezaka izahay, isan-kariva, ny hanomboka ara-potoana mihitsy, amin'ny fito sy sasany. Ary ho, ho eto amin'ny lampihazo aho eo amin'ny valo ora, tsy maintsy miala amin'ny tabernakla isika eo amin'ny sivy sy sasany, raha sitraky ny Tompo. Mba ianareo . . . Fantatro fa miasa ianareo, ary manaja an'izany izahay.

10 Ary ankehitriny ireto Hafatra kely avy ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy ireto dia mivantana ho an'ilay Fiangonana. Ary maniry aho mba hitondran'ny tsirairay avy an'izao ao an-tsaina, fa tsy mivantana mankany amin'ny fivavahan'olona iray izy ireo, na antony hafa iray; izao fotsiny ihany, araka ny tsara indrindra amin'ny fahalalako, amin'ny famakiana sy fanazavana ny Tenin'Andriamanitra. Hitanareo? Tsy atosiky ny antony tia tena, na tsy mivantana mankany amin'ny olona iray, na isambatan'olona iray, na fiangonan'olona iray, fivavahan'olona iray.

11 Ary ny antony itiavako hampianatra eo amin'ity fanambarana ity eto amin'ny tabernakla, izay fiangonako manokana, nahoana, dia mahatsapa fotsiny aho hoe toy ny any an-trano aho. Ary—ary izaho fotsiny, fantatrareo, dia karazan'ny manome ho an'ny ondriko an'ilay karazan-tsakafo mahazatra izay noheveriko fa ilain'izy ireo, fantatrareo. Anankiray tsa- . . .

12 Ny olona, indraindray dia tsy maintsy mametraka sira kely izy ireo rehefa ilay—ilay—bobongolo kely ilay alfalfa, fantatrareo. Mety hankarary ny ondry ilay izy raha tsy manao ianareo. Noho izany, matetitetika, rehefa lasa bobongolo kely ilay alfalfa ao amin'ny fiangonana, ka—ka mipoitra ireo fahasamihafana kely, noho izany dia heveriko fa ny sira kely, karazany, dia tsiro iray, tsy mihevitra tahaka an'izany ve ianareo? Somary mihazona azy ireo tsy harary izany.

13 Noho izany dia mivavaka isika ankehitriny mba—mba hitahian'Andriamanitra antsika ao amin'ireto ezaka ireto. Ary firy . . . ? Mahatsapa fotsiny, amin'ny maha-lehilahy sy vehivavy

fotsiny, tahaka antsika, dia tiako ny hijery an'izany, rahampitso hariva, mikasika ny, "Inona ilay mariky ny bibidia?" Misy betsaka mihitsy mikasika an'izany ao amin'ny Baiboly. "Iza no manana azy? Ary iza no hanana azy?"

14 Ary avy eo, ny manaraka, ho avy ny fotoana iray izay hisian'izany. Ary tsy fantatro, mety ankehitriny izany. Hijery isika dia hahita, hia, izany, hisy kilasin'olona roa fotsiny eto ambonin'ny tany, ary ny anankiray dia ho voaisy mariky ny devoly, ary ilay iray hafa ny marik'Andriamanitra. Ary heveriko, fa raha manakaiky an'io fotoana io isika, dia tsaratsara kokoa amintsika ny somary mandeha mijery manodidina, hahita hoe inona io zavatra io, satria tsy ho tonga tokoa ao amin'ny zavatra goavana be iray fotsiny ihany izany. Ny Baiboly dia nilaza fa hitsofoka tena mora izany, ka, "Hamitaka ny tena voafidy izany raha azo natao." Noho izany dia hiezaka isika, raha sitrak'Andriamanitra, ny handinika an'izany, rahampitso hariva. Ankehitriny, izany fotsiny no tsara indrindra amin'ny . . .

15 Ankehitriny, ento ny Baibolinareo, sy ny pensily sy taratasinareo, ary ianareo izay te-handray naoty an'ireo Soratra. Ary, raha tsy mihevitra ianareo fa marina tokoa izany, dia manorata naoty kely ho ahy ary apetraho ho an'ny hariva manaraka izany.

16 Tsaroako aho nijanona taona iray sy enim-bolana tao amin'ity Bokin'ny Apokalypsy ity, tato—tato amin'ny tabernakla eto ity. Izany no tiako, ao—ao amin'ny fampianarana. Tiako fotsiny ny mampianatra. Oh, oadray! Izaho—izaho—izaho—heveriko fa mahafinaritra izany. Manome an'ilay fototra izany, ary mampitoetra ny fiangonana.

17 Ary, amin'ny fitorian-teny, ankehitriny, dia misy olona sasany izay mpitory teny. Afaka maka ny Teny izy ireo, miaraka amin'ny tsindrimandry, ka mampitsingevaheva an'Izany eo ao amin'ireo toerana. Izany no manondraka an'ireo Voa izay nampianarin'ilay mpampianatra. Hitanareo? Ankehitriny, tsy maintsy mamboly Voa iray ianareo, aloha, ary avy eo dia manondraka Azy. Ary ny fanondrahana dia avy amin'ny fitoriana ny Teny.

18 Misy fahasamihafana lehibe, makadiry eo amin'ny mpampianatra iray sy mpitory teny iray. Hitanareo? Izany dia fanomezam-pahasoavana roa samihafa an'ny Fanahy, tanteraka, fanomezam-pahasoavana roa samihafa. Ary milaza an'izao am-panetre-tena aho, fa, tsy manana fanomezam-pahasoavana iray amin'ireo aho.

19 Fa ny ahy, araka ny mahazatra, dia ny mivavaka ho an'ny marary. Izany no niantsoan'ny Tompo ahy mba hatao. Ary avy eo, ao amin'ity fotoana ity, dia manome fampitoniana ny saiko izany, ny mianatra eo amin'ny zavatra hafa iray, tsy manana asam-panasitranana avy amin'Andriamanitra; izao fotsiny—

mampianatra ny Teny fotsiny. Ary, oh, mahazo tena tsara isika eto. Isika . . . Tsaroako, maharitra amiko ela be ianareo, eo amin'ny roa ambin'ny folo taona eo eto, teo amin'izany.

20 Ary mahazatra ahy ny milaza miaraka . . . Tsy minia manao an'izany ho vazivazy iray, fa, tena henjana ny fampianarana, hoy aho hoe, "Ilay izy fotsiny dia tahaka ny lehilahy iray mandeha mankeo amin'ny latabatra ka mihinana mofo katsaka sy tsaramaso." Ankehitriny, tsara ho anareo izany, saingy lasa leo kely an'izany ianareo, matetitetika, ka tsy maintsy manana zavatra iray ianareo eo amin'ny ilany, gilasy misy hero-dronono iray sy mofomamy, matetitetika, mamela an'ilay izy hifandanja kely amin'ilay sakafo mahazatra. Fa ilay karazan-javatra tsara amin'ny fanao fahiny dia hiraikitra aminareo tsara mihitsy, ary, fara-fahakeliny, manome anareo fanombohana iray izany.

21 Ankehitriny, ao amin'ity, ilay izy araka ny finoako manetry tena dia miaina ao amin'ireo andro famaranana ny tantaran'izao tontolo izao isika. Tiako ny hanao an'izany tena mazava. Ankehitriny, mety ho diso aho. Tsy fantatro. Tsy misy olon-kafa mahafantatra. Hoy Jesosy hoe, "Na dia ireo Anjelin'ny Lanitra aza tsy hahafantatra." Tsy nahafantatra Izy, ny Tenany. Hoy Izy hoe, "Izany dia ny Ray irery ihany, no Anankiray tokana Izay mahafantatra." Fa azo antoka sy tena marina fa hiverina Izy. Ary tsy afaka mahita zavatra hafa tavela mihitsy aho afa-tsy ny fi- . . . Fihavian'ny Tompo.

22 Rehefa, mijery aho ka mahita, rava ny firenena. Mahita ny politika rava aho. Mahita an'ireo tokantrano rava aho. Mahita ny fiangonana rava aho. Izaho . . . Tsy misy na inona na inona hafa mihitsy afaka hanarina an'izany, afa-tsy Andriamanitra, izay ihany, satria tsy manana na inona na inona hafa izy ireo. Rava ny fitondrantenan'ny firenena. Ary rava ireo antoko politika; nefa isika dia matoky betsaka ny politikantsika; rava izy ireo.

23 Ary lehilahy malaza iray tany Angletera, vao tsy ela akory izay, no nilaza hoe, "Eny, ny demokrasia dia—dia sambo tsy misy vatofantsika daholo." Hoy izy io hoe, "Ho avy ny fotoana iray izay hipetrahan'izy ireo eo ambonin'ny boatin-tsavony, manao fampielezan-kevitra." Eny, marina izany. Saingy tsy nieritreritra ny amin'ny Tranon'ireo Tompony malala manokana izy, ahoana fa izany dia sambo betsaka tsy misy vatofantsika, ihany koa. Izany dia nanidina, ihany koa.

24 Ary ny fanjakana tsirairay an'ity izao tontolo izao ity dia ho rava potipotika. Jesosy Kristy no hanapaka sy hanjaka. Noho izany dia misy:

> Ireo fanantenako dia tsy miorina amin'inona na inona
> Afa-tsy ny Ràn'i Jesosy sy ny fahamarinana;
> Mirodana ny rehetra manodidina ny fanahiko,
> Izy no fanantenako sy tohako.

Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy.

25 Ary, oh, toy ny ahoana no aniriako ankehitriny ny hanomboantsika fivorian'ny fampianarana mandritry ny telo volana eo, mba ahafahanareo miditra ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy ka mamatotra an'izany amin'ny Daniela, ilay fahitana lehibe.

26 Firy no tavela, ato amin'ity ondry vitsy ity, izay mahatsiaro fony aho nanana an'ilay tabilao tranainy teto fahiny? Fantatro fa teto Rahalahy Head, ary nanana ny maro aminareo eto izahay fony aho nanana an'ilay tabilao tranainy.

27 Ankehitriny, ny Bokin'ny Apokalypsy, ahoana no nanehoana Azy. Ary Daniela dia mifamatotra amin'Izany. Isaia dia mifamatotra amin'Izany. Ny Testamenta Taloha rehetra dia mifamatotra amin'Izany. Ary Izany no Bokin'Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Ny Bokin'Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.

28 Ary avy eo, ao anatiny ao, dia misy an'ireo Fiangonana Fito, Loza Fito, Tombokase Fito, Trompetra Fito. Ankehitriny, ny trompetra iray dia maneho ady; ny tombokase iray, dia zava-miafina vo-. . . manambara; ary ny loza iray dia izay manaraka ny ady tsirairay.

29 Ary nohon'ny fanampian'Andriamanitra, ary miaraka amin'ny bokin'ny tantara, dia afaka manaporofo aminareo aho fa miaina amin'ny Trompetra Fahafito isika, mba hisokafan'ny Loza Fahafito, sy ny Tombokase Fahafito, sy mba hirarahan'ny Lovia Fahafito.

30 Rehefa maneno ilay anankiray fahenina; ho tonga eo amin'izany isika, angamba, ny fanisiana tombokase, amin'ny Zoma hariva. Rehefa ny Ady Lehibe Voalohany, nahoana, ny. . . naneno io Trompetra Fahenina io araka, araka ny fotoana nitenenan'Andriamanitra azy marina tokoa. Marina tokoa, ara-jeografia, manaraka an'ilay tombokase alohan'io. Ary rehefa voambara tao anatiny tao ilay zava-miafina, mikasika ny batisan'ny Fanahy Masina; ary ny—ary ny olona arak'izany, ahoana fa tsy nandroso ny fiangonana; ary ireo izay nandroso dia nandà ny handeha tao amin'ny Hazavana, ka niverina. Ary nosokafana ny loza tamin'io fotoana io, ary nararaka teto ambonin'ny tany, dia ny gripa, izay mamono ny olona rehetra araka ny nataony, tamin'ny an'alinaliny.

31 Ary avy eo dia tonga ao amin'ity taona farany ity, izay misy antsika eto. Ary tonga fotsiny ka mihaino an'izay tsy maintsy ho lazain'ny Tompo mikasika an'izany, ao amin'Ny Teniny. Ankehitriny, tsy fanamboamboarako izany. Hamaky azy fotsiny tahaka ny gazety iray aho, avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany, Ity dia Fanambarany mivantana amin'ilay

Fiangonana, amin'ilay Fiangonana; ny Fanambaran'i Jesosy Kristy, amin'ilay Fiangonana.

32 Ankehitriny, alohan'ny hiresahantsika Aminy, na hiresahantsika ny Sorany, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ka hiresaka Aminy vetivety fotsiny amin'ny tonombavaka iray.

33 Ry Rainay any An-danitra tsara fanahy, raha manondrika am-panajana ny lohanay mankany amin'ny vovoka izahay, izay nangalana anay sy hiverenanay indray andro any, raha maharitra Ianao. Miondrika am-panetre-tena izahay, hangataka mba Hanakaikezanao anay, izao hariva izao, mba hitahy anay. Afaka mamadika an'ireo pejin'ity Baiboly ity aho, saingy tsy misy olona izay afaka hanokatra ny Boky na hamaha an'ireo tombokaseny. Ary izao no voasoratra Ato, "Izay manaisotra avy amin'Ity, dia ho esorina, ny anjarany, ao amin'ny Bokin'ny Fiainana; ary izay manampy amin'Izany, dia hararaka eo aminy ireo lozan'Andriamanitra."

34 Ray, eo am-pahafantarana, amin'ny maha-lehilahy sy vehivavy mety maty mipetraka eto izao hariva izao, mahafantatra fa vahoaka iray an'ny Mandrakizay izahay. Andriamanitra, enga anie ho tonga ny Fanahy Masina, ilay Mpanoratra an'ity Baiboly ity, ka hanokatra an'ireo pejy ireo ho anay. Ary enga anie ny Mpanomponao manetry tena, tsy mahasoa hitory teny amin'ny maha-olona eo am-pahafatesana mankany amin'ny olona eo am-pahafatesana, toy ny hoe ity no ho fivoriana farany izay hany hananako amin'ity ilan'ny Mandrakizay ity, ilay hariva farany izay hany hiangonanay miaraka. Ary enga anie ny laïka tsirairay avy hihetsika izao hariva izao toy ny hoe ity no toriteniny farany izay hany ren'izy ireo. Andriamanitra, esory ny hadalana rehetra. Ataovy tso-po izahay, mahafantatra fa tsy maintsy hamaly izahay eo amin'ny Fitsaran'Andriamanitra, indray andro any. Ary ny toetranay manoloana Azy sy Ny Teniny, ankehitriny, no hamaritra ny fitodianay Mandrakizay.

35 Noho izany, Ray, amin'ny fonay mangovitra, no anatonanay Anao, ka mangataka. Aoka ny Tompo Jesosy, ao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, handray ny Tenin'Andriamanitra, izao hariva izao, ka hanome Azy ho an'ny fo tsirairay, arak'izay ilainay. Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

36 Toa mety ho hafahafa kely fotsiny ilay izy amiko, mandritry ny fotoana fohy ankehitriny, eo am-piezahana hanomboka hanokatra lohahevitra iray hampianarina. Satria, efa teo amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra foana ilay izy nandritry ny taona vitsy farany, ary noho izany, na, noho izany, tsy teo amin'ny faminaniana, velively, ary avy eo—ary avy eo dia nandeha avy hatrany tao amin'ny laharam-bavaka iray.

37 Fa ankehitriny, izao hariva izao, dia te-hahazo ny fototr'ilay Boky izay angatahantsika mba hosokafan'Andriamanitra ho antsika isika, izany dia ny Bokin'Ny Fanambaran'i Jesosy Kristy.

38 Ity Boky ity dia nosoratana teo amin'ny A.D. 96, arak'ireo mpanoratra, ary izany dia Jaona ilay malala.

39 Ary nahazo an'ity fahitana ity izy tao amin'ny nosin'i Patmo, nosy iray tao amin'ny Ranomasina Egée, teo amin'ny dimy ambin'ny folo maily, na zavatra iray, manodidina azy, amin'ny manodidina, toerana tena be vato feno menarana, sy ny sisa, izay ny firenena Romana no nampiasa azy tahaka ny Alcatraz iray, araka ny ananantsika azy androany, toerana fanaovana sesitany an'ireo mpanao heloka bevava izay tsy azon'ny governemanta fehezina.

40 Ary ity Boky ity dia nosoratan'ilay anankiray farany tamin'ireo apostolin'i Jesosy Kristy Tompontsika, ninoana ho ilay malala izay niankina teo an-Tratrany taorian'ny fitsanganana; ary hoy Izy hoe, "Ho inonao raha maharitra mandra-Pihaviko izy?" Maty i Jaona, lehilahy antitra iray. Ny tsirairay avy tamin'ireo maritiora dia nanisy tombokase ny fanambarany tamin'ny ràny manokana.

41 Jaona, ny anjarany dia nifarana tahaka an'izao: Tratra izy, ary nampangotrahana tao anatin'ny tavy menaka iray nandritry ny efatra amby roapolo ora, menaka mahamay mangotraka, nefa tsy nisy ratsy nanjo azy. Dia napetrak'izy ireo teo amin'ilay nosy izy, araka ny inoan'ny rehetra, toy ny mpamosavy iray, "Namosaviany ilay menaka mba tsy handoro azy," hoy izy ireo. Mazava ho azy, izany ilay herin'Andriamanitra, izany. Tsy afaka mampangotraka ny Fanahy Masina hivoaka amin'ny olona iray ianareo. Nahoana! Noho izany dia niezaka izy ireo ny nampangotraka an'Izany hivoaka taminy, saingy tsy navelan'Andriamanitra izany. Ary nanana asa iray hataony Izy. Ary mandra-pahavitan'Andriamanitra amin'ny Lehilahiny, dia tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao afaka hanelingelina azy. Izay ihany.

42 Ankehitriny, Jaona satria antitra, izy . . . nitantaran'ireo mpahay tantara izy ireo, hoe izy dia nentina nankao amin'ilay—tao amin'ilay fiangonana, mba hitory teny. Ary tena antitra izy, ny zavatra tokana nolazainy, dia, "Rankizy madinika, mifankatiava."

43 Teneniko aminareo, izany no zavatra iray tena tsara ho toriana. "Rankizy madinika, mifankatiava." Satria miha-antitra aho, ao amin'ny asam-panompoana ankehitriny, ary ny . . . saiky ao amin'ny faha-iraika amby roapolo taonako. Mieritreritra aho, amin'ny fotoana rehetra rehefa mandeha aho, hoe ity . . . Arakaraky ny ieritreretako ny Tompo Jesosy, no vao mainka hanombohako mahita fa ny fitiavana no manarona ny zavatra

manontolo. “Ny fitiavan’Andriamanitra, dia nararaka tao ampontsika tamin’ny alàlan’ny Fanahy Masina.”

44 Ankehitriny dia hamaky andininy vitsy fotsiny isika eto, mba ho . . . hanombohana, ary avy eo dia hiditra avy hatrany ao amin’ny fampianarana mikasika ny fiangonana isika. Ary avy eo dia hiezaka hitondra an’izany eo amin’ny toerana iray, raha sitrak’Andriamanitra, amin’ity fotoana betsaka izay ananako ity, hitondra an’izany eo amin’izay ahafahantsika miditra ao amin’izay ahafahantsika maka, *Ny Mariky Ny Bibidia,* ho an’ny rahampitso hariva.

45 Ankehitriny, ity dia ho an’ny fiangonana. Ankehitriny, dia hiezaka aho ny haka, farafahakeliny, ny fiangonan’i Efesosy, ilay fiangonana voalohany, ary ilay fiangonana farany izay iainantsika ankehitriny, ny fiangonan’i Laodikiana ankehitriny.

> *Ny Fanambaran’i Jesosy Kristy, izay nomen’Andriamanitra azy, mba hasehony amin’ireo mpanompony ireo zavatra izay tsy maintsy ho tonga faingana; ary naniraka* ny anjeliny *izy ka nampahafantatra . . . naniraka ka nampahafantatra an’izany tamin’ny alàlan’ny anjeliny amin’i Jaona mpanompony:*

46 Ankehitriny, manome antsika fiaingana iray eto ny Soratra. Izany dia, “Ny Fanambarana . . . ” Na, ny teny hoe *fanambarana* dia midika hoe “zavatra izay voambara.” “Ny Fanambaran’i Jesosy Kristy,” nomena an’i Jaona. Ary anjely iray no nirahina mba hanambara, na hampahafantatra ny amin’izany.

> Ary izy *dia nanambara ny tenin’Andriamanitra, sy ny filazana an’i Jesosy Kristy, dia ny amin’*ireo *zavatra* izay *efa hitany.*
>
> *Sambatra izay mamaky, . . .*

47 Firy no te-hahazo fitahiana iray? Noho izany, dia vakio Izany. Hitanareo, “izay mamaky.”

> *Sambatra izay mamaky, sy ireo izay mihaino ny tenin’*ny *faminaniana, ka mitandrina izay voasoratra ato anatiny: fa antomotra ny andro.*

48 Amin’ny teny hafa, tsy hoe antomotra ilay fotoana *tamin’izany*, fa, “Antomotra ny fotoana, rehefa mahita an’ity Teny ity tanteraka izy ireo, rehefa ilay Fanambarana feno.”

49 Rehefa nanomboka Andriamanitra, tahaka ny mpanakanto iray mandoko sarin-javatra iray, dia manomboka mameno an’ireo Ampahany Izy. Afaka manomboka mahita an’izany maka endrika ianareo. Ary rehefa manomboka eo amin’ny voalohan’ny Bokin’ny Apokalypsy ianareo, dia mahita an’i Jesosy Kristy manomboka miditra ao amin’ilay sary. Ary any amin’ny faran’Izany, dia mahita Azy feno ianareo, mipetraka miaraka amin’Ny Fiangonany, nomem-boninahitra; mifarana

ireo andro rehetra an'ny fahotana sy olana ary fakampanahy, ary mipetraka miaraka amin'Ny Fiangonany Kristy, ao amin'ireo Lanitra lehibe any ambony.

50 Eny àry, andininy faha-4. Henoy. "Jaona ho an'ireo fiangonana . . ." Ankehitriny, ity dia Jaona no miteny. Voalohany, dia Andriamanitra mampahafantatra ny Fanambaran'i Jesosy Kristy. Faharoa:

> *Jaona ho an'ireo . . .fiangonana izay any Azia: Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy ny fiadanana, avy amin'ilay misy, sy izay nisy, ary izay ho avy; ary avy amin'ireo Fanahy fito izay eo anoloan'*Andriamanitra;

51 Oh, raha nanana tabilao iray fotsiny isika teto ankehitriny, mba hanaovana an'ilay sary, kely, hitanareo, "ireo Fanahy fito izay eo anoloan'Andriamanitra;"

52 Ankehitriny, mba itsitsiana fotoana kely, ary mino fa izaho . . . mahafantatra fa tsy tokony ho diso fanonona na inona na inona aho, ho an'ny inona na inona eto amin'izao tontolo izao. Ary raha manana fisalasalana kely mikasika an'izany ianareo, dia raiso naoty fotsiny izany ary avy eo dia anontanio aho, dia homeko anareo ny Soratra ho an'izany. Ary ankehitriny satria tsy maintsy mandeha haingana isika mba hiditra ao amin'ity, mba hanenjehana fotoana.

53 Ankehitriny, "ireo Fanahy fito izay eo anoloan'Andriamanitra." Ireo Fanahy fito ireo dia naseho ho ireo Fanahy fito izay hirahina ho an'ireo Taom-Piangonana Fito, "Fanahy fito eo anoloan'Andriamanitra." Afaka maka avy ao amin'ny Testamenta Taloha isika, ary mamoaka an'izany eo, raha nanana fotoana fotsiny isika.

> *Ary avy amin'i Jesosy Kristy, izay vavolombelona marina, sy lahimatoa amin'ny maty, ary lehiben'ny mpanjaka amin'ny tany. Ho an'izay tia antsika, sy nanasa antsika . . .*

54 Oadray, jereo fotsiny i Jaona mamatotra ny rehetra eo, rehefa nijery izy. Manomboka miresaka fotsiny izy. Hoy izy hoe:

> . . .-ho *an'izay tia antsika, sy nanasa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'ny rany,*
>
> *Ary nanao antsika ho mpanjaka sy mpisorona ho an'Andriamanitra . . .Rainy; ho azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay sy mandrakizay. Amena.*

55 "Nanao antsika ho mpisorona sy mpanjaka ho an'Andriamanitra." "Antsika" dia maro. Tsy hoe "nanao *ahy* ho mpisorona sy mpanjaka *iray*;" fa, "nanao antsika," ilay Fiangonana.

56 Ankehitriny, miresaka amin'ireo fiangonana fito izy, satria misy ireo Taom-Piangonana Fito.

57 Ankehitriny, hoy izy hoe, “Fanjakana sy voninahitra, ary ho Azy mandrakizay sy mandrakizay.”

58 “Nanao antsika ho mpisorona.” Efa mba fantatrareo ve hoe inona ny mpisorona iray, inona ny asany? Ny mpisorona iray dia mba hanolotra fanatitra, hanao fanelanelanana. Ary any amin’ny Hebreo, dia Izao no voalaza fa isika, ilay Fiangonana, dia asam-pisoronam-panjaka, “Asam-pisoronam-panjaka iray, firenena masina iray, vahoaka hafa iray.” Hitanareo? “Firenena masina iray, vahoaka hafa, asam-pisoronam-panjaka.” “Manolotra,” ity ilay izy ankehitriny: “manolotra fanatitra ara-panahy,” ny lehilahy sy vehivavy tsirairay izay manatona an’Andriamanitra dia miditra ao anatin’ilay voaly.

59 Ao amin’ny Testamenta Taloha, dia anankiray ihany no . . . nisy voaly iray nihantona teo anelanelan’ny toerana masina sy ilay Masina indrindra amin’ny masina. Arona ihany, irery, no tsy maintsy niditra tao, indray mandeha isan-taona. Fa ny lehilahy tsirairay izay lasa mpisorona iray, dia afaka mahazo fanaikerana iray, na fanandramana iray an’ilay mana tany am-boalohany izay nalain’i Mosesy sy Arona tamin’ny andro voalohany izay nanombohan’ny mana nilatsaka avy tany an-danitra. Rehefa niampita ny reniranon’i Jordana izy ireo . . .

60 Maty ireo fahavalo, taorian’izy ireo. Ary ny ampitso dia nandeha izy ireo, ka nanerana ny tany rehetra, no nipetrahan’ireo galety kely. Andriamanitra no nandraraka an’izany avy tany an-danitra. Izy ireo dia niantso an’izany hoe “mana,” manana tsiro tahaka ny tantely. Ary natao haka fotsiny an’izay ampy haharitra ho azy ireo mandritr’io andro anankiray io ny olona. Raha naka an’izany nihoatra izy ireo, dia simba izany.

61 Ary niteny tamin’i Mosesy sy Arona Andriamanitra mba hivoaka ka haka eran’ny omera maro amin’izany, harona lehibe, ka hampiditra an’izany ao anatin’ilay . . . teo akaikin’ilay fiara, ilay Toerana Masina.

62 Ary teo, izany, isan’andro aorian’io taranaka io, io taranaka tsirairay izay manaraka an’io anankiray io, raha mbola naharitra foana ilay asam-pisoronana Levita, heveriko, hoe ny lehilahy tsirairay izay mendrika ho lasa mpisorona iray, rehefa voatendry ho mpisorona iray izy, dia nanana zò tanteraka ny hahazo indraim-bava avy amin’ilay mana tany am-boalohany. Eritrereto izany. Tombontsoa iray toy ny inona no heverin’ireo lehilahy ho azony, rehefa fantatry ny lehilahy iray fa hiditra ao amin’ilay asam-pisoronana izy! Izy dia hahazo i—indraim-bava avy amin’ilay voaendy ivelan’ny voajanahary, nandrahoina ivelan’ny voajanahary, sakafo ivelan’ny voajanahary izay avy tamin’Andriamanitra any an-danitra, izay efa notehirizina tamin’ny fomba ivelan’ny voajanahary.

63 Ny asam-panompoana manontolo dia ivelan'ny voajanahary. Ahoana no mba ahafahan'ny olona hilaza fa Kristiana izy ireo, nefa mandà an'ilay ivelan'ny voajanahary? Tsy fantatro hoe ahoana no anaovan'izy ireo an'izany, ny tenako. Jereo. Fa, ivelan'ny voajanahary iray! Nanana fitelemana iray an'ilay ivelan'ny voajanahary izy, vantany vao lasa mpisorona iray.

64 Tandindona iray tsara tarehy an'ny ankehitriny toy ny inona, hoe ny olona tsirairay . . . Tamin'ireo andro ireo, dia tsy maintsy teraka tao amin'ny taranaka iray izy ireo, Levita iray, alohan'ny hahalasa azy ireo ho mpisorona iray, fa ankehitriny ilay izy dia "na iza na iza maniry, aoka izy ho avy." Hitanareo? Ary vantany vao tonga izy ireo, na izany aza, izy ireo dia tsy maintsy . . . ny Fahaterahana iray dia heverina ao anatin'izany, ihany koa. "Tsy maintsy ateraka indray ianareo." Ary ny lehilahy sy vehivavy tsirairay izay nateraka indray, avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra, dia manana zò iray amin'ilay (amin'izao andro izao), ilay mana. Io mana io dia ny Fanahy Masina.

65 Rehefa i Petera . . . rehefa nivoaka avy tao amin'ilay fifanjevoana lehibe izy ireo, ka niala tamin'izy ireo ny hakanosana, ary nitahy azy ireo ny Tompo, dia nilatsaka ny Fanahy Masina tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Nivoaka teny an-dàlambe izy ireo ary nanomboka nihiakiaka, sy nihetsika tahaka ny olona mamo, hany ka nihevitra ny olona rehetra fa mamo izy ireo. "Hono ho'aho, manontany aho hoe inona no hataontsika mikasika an'izany?" Ny tsirairay olo- . . . Na dia ilay tontolo mpivavaka aza, tamin'izany, dia nihevitra fa mamo ireo olona ireo.

66 Ary henoy, ry sakaizako Katolika, ilay Maria virijiny voatahy dia niaraka tamin'izy ireo. Ary raha tsy afaka nandeha tany An-danitra izy raha tsy niakatra tany ka nanandrana Zavatra iray izay nanao azy hihetsika tahaka ny vehivavy mamo iray, dia ahoana no hahatongavanareo any amin'ny zavatra izay latsak'izany? Fa nandray Zavatra izy. "Roapolo amby zato, miaraka amin'ireo vehivavy, Maria Magdalena sy izy ireo," ary nivoaka teny an-dàlambe, nihetsika tahaka ny olona mamo, nivembena.

67 Hany ka ilay tena (Raha hamela ahy amin'ilay fitenenana ianareo.), ilay fiangonana lafatra an'io andro io dia nanao hoe, "Jereo izy ireo! Izao no manao an'izay maha-izy azy ireo. Feno divay vaovao izy ireo."

68 Izany ilay Izy. Henoy ankehitriny, nilaza i Petera (Avy eo dia nanomboka nilaza izy ireo . . .), hoy izy hoe, "Ianareo lehilahy avy eto Jerosalema, ianareo izay monina any Jodia, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko: Tsy mamo ireo." Ankehitriny, miresaka mikasika ny fiangonan'i Efesosy aho eto, ankehitriny. Hitanareo? Hitanareo? Eny àry, ilay taom-

piangonana voalohany. Hoy izy hoe, "Tsy mamo izy ireo, araka ny fiheveranareo. Ora fahatelon'ny andro izao; tsy mbola misokatra akory aza ireo trano fisotroana. Ahoana . . . ? Eny, ora fahatelon'ny andro izao." Hoy izy hoe, "Fa *izao* no *ilay* nampitenenina an'i Joela mpaminany. Voasoratra ao anatin'ny Baibolinareo manokana izany. Ao anatin'ny Baibolinareo manokana, dia izao no voasoratra, hoe izao zavatra izao no hiseho. Nahoana," hoy izy, hoe, "tokony ho fantatrareo izao, ianareo mpampianatra."

69 Eny, mety ho izany ve, satria fotsiny—satria nentina teo ambanin'io fampisehoana io ny fiangonana, ary ilay fampisehoana iray ihany no nampanantenaina ho an'ny andro farany, dia tsy afaka manondro indray ve ianareo ka manao hoe, "Izao no voalaza?" Hitanareo? Eo ianareo izao. Ary tsy mahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ilay izao tontolo izao any ivelany; izany dia—fahadalana izany ho azy ireo. Ankehitriny dia hoy izy ireo hoe . . .

70 Hoy izy hoe, "Jereo eto."

Dia hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny . . . " rehefa nandre an'izany izy ireo.

Noteneniny tamin'izy ireo hoe ahoana fa izy ireo no nanohombo an'i Jesosy. Ary isaky . . .

71 Afaka mahazo famelàna nohon'ny fanohomboana an'i Jesosy ianareo. Afaka mahazo famelàna nohon'ny fandraisana foana Ny Anarany ianareo. "Fa izay miteny manohitra ny Fanahy Masina, dia tsy havela aminy mihitsy, amin'ity fiainana ity, na amin'ny fiainana ho avy." Ao amin'ny andro farany isika, noho izany dia mitandrema tsara. Mandehana am-panetre-tena. Manàna fanahy manenina, torotoro; fo iray manetry tena, vonona ny hamela ny Fanahy Masina hitarika anareo. Amena. Eny àry. Oh, oadray!

72 Indro izy ireo, tao ambony tao izy rehetra, olona mihetsika fotsiny tahaka . . . Kanosa izy ireo, ora vitsy tany aloha; nihidy tao amin'ny efitra ambony. Fa rehefa tonga teo amin'izy ireo ny Fanahy Masina ka nameno ny fon'izy ireo, dia nivoaka teny an-dàlambe! Tsy mihevitra aho fa izy ireo dia . . . Tsy nanao zavatra ratsy izy ireo. Teo izy ireo nifaly sy nidera an'Andriamanitra, tamin'ny—tamin'ny fomba iray izay nisian'ny fanehoana iray. Tsy teo fotsiny izy ireo nifamaly ankehitriny, na Metodista izy ireo na Batista, izy ireo dia, na Fariseo izy ireo na Sadoseo. Teo izy ireo nifaly satria dia nanana tsiron'ny Lanitra iray tao amin'ny fanahiny izy ireo. Nomen'Andriamanitra azy ireo ilay mana ara-panahy.

73 Ankehitriny, rehefa nararak'Andriamanitra ny mana tany tao amin'ilay ara-boajanahary, dia naharitra izany raha mbola teo amin'ilay dia foana izy ireo; tandindona iray tsara tarehy.

Fa tamin'ny andro izay nidiran'izy ireo tao amin'ilay tany nampanantenaina, dia nitsahatra ny mana.

Ary tamin'ny Andron'ny Pentekosta, ilay zavatra iray ihany . . .

74 Jereo ny Pentekosta, ho an'i Mosesy. Nijery tany aoriana izy ireo ka nahita fa maty ilay fahavalo. Nandramby ampongatapaka iray i Miriama, nanomboka nikapoka an'izany, sy nihiakiaka, sy nandihy, ary nihazakazaka teny amin'ilay morona. Nanaraka azy ireo vehivavy, nanao an'ilay zavatra iray ihany. Ary nanangana ny tànany i Mosesy, ka nihira tao amin'ny Fanahy.

75 Tamin'ny Pentekosta, nivoaka ireo vehivavy, nivembena, sy nitsambikina, sy nandihy, ary nanohy. Nitsangana teo afovoan'izy ireo i Petera, ka nanao hoe, "Ianareo lehilahy avy any Jodia, ary ianareo izay monina eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, ka henoy ny teniko: Fa tsy mamo ireo, araka ny fiheveranareo, satria ora fahatelon'ny andro izao. Izao no ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany; 'Izao no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra: ny zanakalahinareo sy zanakavavinareo haminany: eo amin'ireo Mpanompolahiko sy mpanompovaviko no Handatsahako Ny Fanahiko; ka haminany izy ireo: Ary haneho famantarana eny amin'ny lanitra ambony Aho, sy eny amin'ny tany ambany; andry afo, sy entona, ary setroka: Ary izao no hiseho, alohan'ny hahatongavan'ilay andro lehibe sy mahatahotra an'ny Tompo, na iza na iza hiantso ny Anaran'ny Tompo dia ho vonjena.'" Nanohy sy nanohy nandeha izy, nitory teny.

76 Ary rehefa nandre an'izany izy ireo, dia nihaino. Hoy izy ireo, "Jereo io lehilahy io! Taiza no nahazoany an'izany fianarana izany?" Hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, "Tsy afaka manoratra ny anarany manokana akory aza izy." Hoy ny Baiboly hoe, "Lehilahy tsy mahay sy tsy nianatra izy. Avy tamin'ny sekoly inona izy? Tsy nisy. Eny, ahoana no mba nahatongavan'izao? Ahoana no mba nisehoan'izao?" Nihaino tsara izy ireo, nanao hoe, "Eny, hono ho'aho, manonona marina tokoa ny Soratra io lehilahy io. Nefa tsy nandre Azy tahaka an'izany mihitsy isika tany aloha." Hitanareo?

77 Hoy izy hoe, "Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ka aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny Fanahy Masina. Fa ny teny fikasana dia ho anareo, ny zanakareo, ho an'ireo izay lavitra, arak'izay hantsoin'ny Tompo Andriamanitsika." Amin'ny teny hafa, "Ity mana izay milatsaka eto ity, tahaka ny nilatsahan'ny mana tany aoriana tany, dia ho an'ity taranaka ity, ilay taranaka manaraka, ilay taranaka manaraka, hatrany Jeffersonville, Indiana, ary hatrany amparan'ny tany."

78 Ary ilay Fanahy Masina iray ihany izay nilatsaka *tamin'izany*, no milatsaka *ankehitriny*; vokatra iray ihany, zavatra iray ihany, vahoaka iray ihany. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Tanteraka mihitsy!

79 Mariho, "Izaho no hanome azy; izay mandresy, dia Izaho no hanome azy ny Mofon'Aina." Izy no nilaza an'izany tamin'ny anankiray amin'ireo fiangonana. "Ary tsy hangetaheta intsony izy, na ho noana intsony. Tsy hangetaheta intsony mihitsy izy." Raha ny lehilahy iray no mba indray mandeha (Ity ilay izy; tereo ho tery mafy ny palitao.), raha ny lehilahy iray na vehivavy iray ho hany mandray ny Fanahy Masina marina tokoa indray mandeha, dia tsy afaka hanetsika azy intsony mihitsy ianareo. Fantany izay misy azy. Mety ho tonga miaraka amin'ireo isma sy ny zavatra rehetra ianareo. Handeha mahitsy hitety an'izy ireo avy hatrany izy. "Tsy hangetaheta intsony mihitsy izy." Fantany marina tokoa hoe Iza no Mpanao azy; tsy hifanjevo mihitsy. Aza manelingelina azy; handroso avy hatrany izy.

80 "Izaho no hanome azy ny Mofon'Aina, ka tsy ho noana intsony mihitsy izy, na hangetaheta intsony." Hitanareo? "Ary ilay Hazo izay eo afovoan'ny paradisan'Andriamanitra, ary izy hihinana avy aminy, hitanareo, ilay Hazo." Satria, ilay Hazo dia Kristy Jesosy. Hitanareo? Ary Kristy Jesosy, satria maty ary niverina indray tao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, noho izany dia eto Izy, ary ilay mana izay hanina ao amin'ilay Fiangonana.

Mariho, indro, izany, ny andininy faha-6.

Ary izy *no nanao antsika ho* mpisorona *sy* mpanjaka *ho an'Andriamanitra* . . .

81 "Asam-pisoronana ara-panahy; firenem-panjaka; rakitra ara-panahy." Inona izany ankehitriny? "Fanatitra ara-panahy, izany hoe," manonona ny Soratra, "izany hoe, ireo vokatry ny molotsika manome dera ho an'Ny Anarany." Ankehitriny, karazana inona? "Fanatitra ara-panahy iray."

82 Ankehitriny, mety hanomboka eto mihitsy koa isika ankehitriny; mariho, toerana tsara iray hanombohana.

83 Rehefa tonga ao am-piangonana ny fifanjevoana kely iray, dia tsy mihazakazaka mankeny amin'ny ilany iray ianareo ka midongy ankehitriny. Raha izany ianareo, dia azo antoka fa tsy mpisorona iray ianareo. Hitanareo, mivavaka hatramin'ny farany ianareo. "Fanatitra ara-panahy, ireo vokatry ny molotsika manome dera ho an'Ny Anarany." Hitanareo ve izay tiako lazaina?

84 "Eny," hoy ianareo, "tsy mahatsapa te-handeha any am-piangonana mihitsy aho." Saingy mpisorona iray ianareo. Adidinareo izany. Tokony ho any ianareo.

85 "Eny, tsy mahatsapa te-handray anjara iray ao amin'ilay fivoriana mihitsy aho." Mpisorona iray ianareo, "manolotra fanatitra iray, fanatitra ara-panahy iray." Tsy manome tonta iray ho an'ny olona iray, araka ny iantsoan'izy ireo azy amin'izao andro izao; tsara daholo izany, tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho. Tsy hoe mitondra olona iray ho tonga ao am-piangonana; tsara daholo izany, tsy manana na inona na inona manohitra an'izany aho. Fa, ilay izy dia *ianareo*, *ianareo* no manolotra fanatitra ara-panahy, "ireo vokatry ny molotra*reo* manome dera ho an'Ny Anarany."

86 Rehefa mahita fotoana iray tonga ianareo izay itenenan'ny olona rehetra ratsy ary milaza an'ireo zavatra ireo, ary manao zavatra ratsy, dia inona no ataonareo, miala lavitra? Natao hitsangana eo miaraka amin'ny fanatitra ara-panahy iray ianareo, manao hoe, "'Ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio amin'ny fahotana rehetra,' manao ahy ho olom-baovao ao amin'i Kristy Jesosy."

"Adala ianao, ry sakaiza!"

87 "Arak'izay lazainao. Mety tsara izany. Saingy, ho ahy, 'Izany no herin'Andriamanitra ho famonjena.' Mino an'Izany aho." Hitanareo?

88 Ankehitriny, hoy izy ireo hoe, "Mino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ve ianao?"

"Oh, ah, tsy fantatro, tsaratsara kokoa aminao ny manontany ny pasiteranay."

89 Inona no hever*inareo* mikasika an'izany? Ianareo no mpisorona ankehitriny. Ianareo ilay zalahy. Manaova hoe, "Eny, tompoko. Mino an'Izany aho, satria ny Tenin'Andriamanitra no milaza fa marina Izany."

"Mino ny batisan'ny Fanahy Masina ve ianao?"

"Eny, tompoko."

"Ahoana no ahafantaranao?"

"Nandray an'Izany aho." Azo antoka fa ampy. Fitahiana ara-panahy iray! Ny Fanahy Masina izay nilatsaka teo amin'ireo apostoly, ilay Fanahy Masina iray ihany no milatsaka ankehitriny.

90 Hoy ianareo hoe, "Ho an'ireo apostoly fotsiny." Halamintsika izany afaka kelikely, hahita raha izany ilay izy na tsia.

91 Eny àry, "Asam-pisoronana ara-panahy iray, manolotra fanatitra ara-panahy."

Ankehitriny, ny andininy faha-8 ankehitriny, na, ny faha-7.

Indro, avy amin'ny rahona izy; . . .

92 Ankehitriny, mamelà ahy hijanona eto vetivety fotsiny. "Rahona," tsy midika izany fa tonga eo ambonin'ny rahona

matevina goavana iray tahaka an'i Mama Izy, ho tahiana anie ny fony, mipetraka eto any ho any izy.

93 Fony aho zazalahy kely iray, dia nipetraka izy ka niteny tamiko taloha, nanao hoe, "Ho avy Izy. Hipoitra ny rahona goavana be indray andro any, ary ho avy Andriamanitra."

94 Ary, ankehitriny, ilay *rahona* izay Hahatongavany (Raha nanana fotoana fotsiny isika hamerenana an'izany rehetra izany, ary hahazo ny tena fototr'ilay zavatra manontolo.), ankehitriny, ilay *rahona* izay Hahatongavany, dia tsy rahona iray tahaka ny rahona matevina, fa, ilay izy dia "rahon'ny voninahitra," no Hahatongavany. Hitanareo? Hitanareo?

95 Ankehitriny, rehefa nosaronan'Andriamanitra Jesosy, teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, "dia ireo rahona no nanarona Azy sy ny Fitafiany." Hitanareo?

96 Ary rehefa tonga i Elia, dia rahona iray no nidina ka nampakatra azy. Tsy ny—tsy Andry Afo iray, tsy . . . Ny tiako lazaina, dia tsy rahona matevina iray, fa, "rahon'ny voninahitra iray."

97 Ny Fanatrehany lehibe, be voninahitra no hamely ny tany. "Tonga amin'ny rahona Izy." Oh, tiako izany. "Rahona," hisy onja sy onja, an'ny Voninahiny, ho tonga manerana ny tany, ka ho tonga ny fitsanganan'ireo olo-masina. Rehefa io Fanahy Masina voatahy izay niaina tao am-pon'izy ireo io, ka maty izy ireo, miaraka amin'ireo vatany mandry ao, ary ireo tasin-dranomaso eo amin'ny takolak'izy ireo, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary napetraka ao an-tokotanim-pasana iray eto izy ireo. Onja lehibe iray an'io Fanahy iray io ihany, ary "oossh," onja aorian'ny onja.

98 "Izay farany no ho voalohany, ary izay voalohany no ho farany." Ahoana no hampety azy tahaka an'izany? Izany ilay laharan'ny fitsanganana. Tsy hahafantatra na iza na iza ao amin'ilay taranaka talohako aho, na ilay taranaka manaraka ahy. Ho fantatro ireo ao amin'ny taranak'*ity*. Ary ny taranaka tsirairay dia ho tonga, soamantsara, araka ny nandehanany mihitsy. "Ireo izay farany no ho voalohany." Azo antoka, tsy maintsy ho izany ilay izy. Hitanareo? Ho fantatro ny havako. Ilay olona manaraka, ny dadako, hahafantatra ny havany; ny raibeny, ny havany; mitohy midina tahaka an'izany.

99 Onja aorian'ny onja, aorian'ny onja, aorian'ny onja, ary hitsangana avy hatraiza hatraiza ireo olo-masina. Tsy hahafinaritra ve izany? Amena. Manao ny olona antitra hahatsapa ho tanora indray izany. Eny. Mariho tsara ankehitriny. Eny àry.

> . . . avy ao amin'ny—ao amin'ny *rahona; ka ny maso rehetra hahita azy,* (Tsy mampaninona na lavitra toy ny ahoana tany aoriana tany aza no nahafatesan'izy ireo, mbola hahita Azy foana izy ireo.) *ary ireo izay*

nandefona azy koa: ary ireo *firenena rehetra eto an-tany dia hitomany nohon'ny aminy. Eny tokoa, Amena.*

100 Tsy maintsy nihorakoraka fotsiny i Jaona hoe, "Amena." Izany hoe, "Ho tanteraka anie izany. Aoka ho tahaka an'izany ilay izy."

Izaho no Alfa sy Omega, . . .

101 Ankehitriny, *Alfa* dia ny "A" amin'ny alfabeta Grika. *Omega* dia ny "Z" amin'ny alfabeta Grika. Ankehitriny, amin'ny teny hafa, raha adika izany androany dia, "Izaho no A hatramin'ny Z." Ankehitriny, hafa iza no misy? "Izaho no Voalohany; Izaho no Farany. Izaho no manomboka amin'ny A hatramin'ny Z."

102 Maniry aho ny hananantsika fotoana hidirana ao amin'ny Maha-Andriamanitra an'i Kristy, izao ankehitriny izao, izay ho tena mety tsara mihitsy amin'ity fotoana ity, ny Maha-Andriamanitra.

103 Noho izany, ireo andro izay ezahan'ny olona maro hanao Azy ho mpampianatra iray fotsiny, filozofy iray fotsiny, na mpaminany tsotra iray. Andriamanitra Izy. Na Andriamanitra Izy na ilay mpamitaka goavana indrindra izay hany nananan'izao tontolo izao. Raha mpaminany iray Izy, dia olona iray ny ràny. Raha Izy no—no mpampianatra iray, mpanabe iray, dia olona iray ny ràny.

104 Andriamanitra Izy, ary avy amin'Andriamanitra Ny Ràny. Andriamanitra Tsitoha no nanarona an'i Maria virijiny ka namorona an'ilay selan-dRà tao an-kibony izay niteraka an'ilay Zanaka, Kristy Jesosy. Ary nietry Andriamanitra ka nipetraka tao anatin'io vatana io, Andriamanitra (Imanoela), tonga nofo teo anivontsika; manaisotra ny fahotana.

105 Rehefa nanao ny Olony voalohany Andriamanitra, dia Nataony araka ny Endriny Manokana izy, izay olona fanahy, ao amin'ny Genesisy 1:26. Eny àry. Avy eo dia tsy nisy olona hiasa ny tany, rehefa avy nanao ny olona Izy, lahy sy vavy. Hiditra ao amin'izany isika, afaka kelikely, eo amin'ireo "kintana fito." Fa izao fotsiny. . .Fa Nataony lahy sy vavy izy, tany amin'ny fiandohana tany, marina izany, "araka ny Endriny Manokana." Ary Andriamanitra dia Fanahy iray.

106 Ary avy eo, Genesisy 2, tsy nisy olona hiasa ny tany, noho izany dia napetrak'Andriamanitra tao anatin'ny nofo izy; nanao ny olona, tsy araka ny Endriny, fa avy tamin'ny vovoky ny tany (Marina izany.), nanome azy tànana tahaka ny gidro iray, tongotra tahaka ny bera iray, na mety inona; tsy fantatro, fa Nomeny taovam-panamboloana dimy izy hifandraisana amin'ny fonenana eto an-tany. Ary avy eo dia nanota io olona io.

107 Dia nidina Andriamanitra ka tonga olona, mba hanaisotra ny fahotan'ny olona (Amena.), manavotra.

Izaho no Alfa sy Omega, . . .

108 Nijery Azy aho tato amin'ny Apokalypsy ny toko faha-4. Rehefa nitodika i Jaona mba hijery an'io Feo io indray, izay niresaka taminy, "Nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana iray Izy, ary avana iray no teo ambonin'ny Lohany." Ary nanana loko fito tanteraka ilay avana, ary ireo loko fito tanteraka ireo dia naneho an'ireo Taom-Piangonana Fito. Marina izany, indray. Ary inona izany? Ity ilay izy. Rahalahy, vaovao ity. Jereo, loko fito tanteraka, fito, ary ny avana iray dia maneho fanekena iray.

109 Andriamanitra no nanome an'i Noa an'ilay avana, aloha, ho fanekena iray. Ary ireo singa ireo dia mbola eto an-tany foana, araka ny nampanantenain'Andriamanitra tany aloha, ary rehefa avy ny orana, dia mahita an'ilay avana Izy. Hoy Izy hoe, "Tsy handrava ny tany amin'ny rano intsony mihitsy Aho."

110 Ary avy eo dia nijery an'i Jesosy izy, nanana loko fiton'ny avana teo Amboniny; tao anatin'io Izy, izany no faneken'Andriamanitra. Ary nitsangana teo afovoany Izy, ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito. "Ary Izy dia tahaka ny vato jaspy sy karneola." Jaspy dia Robena, ary ny vato karneola dia Benjamina; izany dia ilay voalohany sy ilay faran'ireo patriarka. Izany no "Alfa sy Omega, ny Fiandohana sy ny Fiafarana," ary ireo loko fiton'ny avana, Taom-Piangonana Fito, ilay fanekena miaraka Aminy, ao anatin'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, miaraka amin'ireo kintana fito. Oh, sary iray toy ny inona, raha tonga eo amin'izany isika afaka kelikely, angamba, raha sitraky ny Tompo. Eny àry.

> *. . .Alfa sy Omega, ny fiandohana sy ny fiafarana, hoy ny Tompo, izay misy,. . .izay nisy, ary izay ho avy, ny Tsitoha.*

111 Ooh! Iza Izy? Avy tamin'iza ity fanambarana ity? Jesosy Kristy. Ary, eto, tsy mpaminany iray Izy. Eto, Izy no Tsitoha, Andriamanitra voaseho; ny Alfa, Omega. "Izaho no manomboka amin'ny A hatramin'ny Z. Izaho no Izy Izay Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy. Izaho no Tsitoha." Mazava tsara, sa tsy izany? Tsy misy anjara ho an'ny adi-hevitra eo. "Tompo, Izay Nisy, Izay Misy, ary Ho Avy, ny Tsitoha."

112 Ankehitriny dia Jaona no miresaka. Henoy.

> *Izaho Jaona, izay rahalahinareo ihany koa, ary* namanareo *amin'ny fahoriana, sy amin'ny fanjakana sy* ny *faharetan'i Jesosy Kristy, dia tao amin'ny nosy izay antsoina hoe Patmo, nohon'ny tenin'Andriamanitra,. . .*

113 Hono ho'aho, azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray napetraka ao amin'ny toerana iray tahaka an'izany, nohon'ny Tenin'Andriamanitra? Eny.

> *. . .nohon'ny tenin'Andriamanitra, sy. . .ny filazana an'i Jesosy Kristy.*

114 Natao sesitany tany izy nohon'ny fitoriana ny Teny tamin'ny vahoaka mpivavaka iray. Izany no lazain'ny Teny. Sa tsy izany? Tany izy nohon'ny toriteny; natao sesitany, voaroaka avy tao amin'ny fiangonana, avy tamin'ny fiaraha-monina, avy tamin'izao tontolo rehetra izao. Amena. Saingy tsy voaroaka avy tamin'ilay Anankiray Izay tia azy izy sy nanasa azy tamin'Ny Ràny Manokana. Niaraka tamin'Ny Fanatrehany izy, tao amin'ny nosy antsoina hoe Patmo, "nohon'ny Tenin'Andriamanitra."

115 Manontany aho hoe mpitory teny firy androany no handeha? Mandohalika izy mandra-pandehan'izy ireo mihitsy aza manao zavatra kely—zavatra kely, lasa sorena, tena lasa voakorontana mikasika an'izany. Nefa eto ity lehilahy ity dia efa nampangotrahana tao anaty menaka nandritry ny efatra amby roapolo ora, ary natsipy teo amin'ny nosin'i Patmo, fa mbola nomba azy foana ny Tompo.

116 Tiako mihitsy ilay hira fahiny izay nohirain'izy ireo taloha hoe, "Raha mandeha miaraka amiko Jesosy, dia handeha na aiza na aiza aho." Mihira an'izany isika, saingy manontany aho raha hentitra amin'izany marina tokoa isika. Araka ny hevitro mahitsy fo, tsy ho ela loatra dia homena anjara iray hanaporofo an'izany ianareo, noho izany dia tsaratsara kokoa ho anareo ny hahazo antoka marina tokoa. Mandiniha tena, manaova jery todika, jereo raha mahitsy tsara ny zavatra rehetra.

117 Ankehitriny, ahoana fotsiny, hanomboka mihitsy eto ankehitriny. Mamaly i Jaona, ary nilaza izy fa izy dia "tao amin'ny nosin'i Patmo, nohon'ny Tenin'Andriamanitra, sy ny filazana."

Tao amin'ny Fanahy aho . . . (Tiako izany.)

Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho, . . .

118 Miresaka ny andro hafa iray, ankehitriny; ho an'ireo sakaizako Adventista, izay azontsika antoka fa hiditra ao amin'izany, afaka kelikely. Eny àry.

. . . *tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo,* niditra tao amin'ny Fanahy, *ary* izaho *dia nandre feo mahery iray taoriako,* . . . *an'ny trompetra iray,*

119 Ndao isika tsy hamela an'ireo mari-pamantarana ireo ankehitriny. Mametraka fototra isika ankehitriny, mba ahafantarantsika an'izay resahantsika rehefa tonga eto aho. Hitanareo ve izay horesahantsika hoe, "Iza Izany? Iza ity Lehilahy ity? Inona ny Fanambaran'i Jesosy Kristy? Iza Izy, na ahoana na ahoana? Ahoana no nahatongavan'Izany? Inona no dikan'Izany amiko?" Jereo raha midika zavatra aminareo Izany, hitanareo. "Jereo izay miseho eo, ho ahy." Mariho.

Tao amin'ny Fanahy aho . . .

120 Tsy mampaninona na masina toy ny ahoana ianareo, tsara fanahy toy ny ahoana ianareo, mpitoriteny na mambra laïka be toy ny ahoana, na inona na inona ianareo, tsy afaka ho tonga na aiza na aiza miaraka amin'Andriamanitra mihitsy ianareo raha tsy miditra ao amin'ny Fanahy. Marina izany. Tsy hoe miditra ao amin'ny fihetseham-po no tiako lazaina. Ny tiako lazaina dia miditra ao amin'ny Fanahy. Hitanareo? Hitanareo? Hitanareo, raha miditra ao amin'ny fihetseham-po ianareo, dia manao ny zavatra rehetra. Fa rehefa miditra ao amin'ny Fanahy ianareo, dia mahita zavatra. Marina izany.

121 Afaka mieritreritra an'i Elia antitra aho, ilay mpaminany antitra, tany tamin'ilay andro izay—izay ny . . . rehefa ny zanak'i Ahaba, izy ireo, no nanao fifanekena iray tamin'ireo tsi-mpino sasany, ary—ary nikambana tamin'izy ireo i Josafata. Ary nandeha nankany an-tany efitra izy ireo nandritry ny fito andro, nefa tsy naka famantaran'avaratra. Nandritry ny fito andro fotsiny, ampy mba hikarakarana azy ireo mandritry ny fito andro; tsy nanontany ny Tompo; nandeha nanohy fotsiny, na ahoana na ahoana.

122 Tsy tahaka ny olona fotsiny ve izany? "Oh, hoteneniko aminao, ity no asa tsaratsara kokoa. Hiala fotsiny amin'*ity* fiangonana ity fotsiny aho ka handeha etsy amin'*itsy* anankiray itsy." Ankehitriny, tsaratsara kokoa aminareo ny manontany ny Tompo mikasika an'izany, hahita hoe inona ilay izy.

123 Nandeha tany ary nahita fa tratry ny olana izy ireo. Tapaka ny famatsian-drano. Izany ilay olana amin'ireo fiangonana amin'izao andro izao, mandeha eo manao zavatra betsaka izay tsy anontanianareo an'ny Tompo, ka tapaka ny famatsianareo. Manontany ianareo hoe nahoana ianareo no tsy mahazo an'ireo fitahiana izay azonareo taloha, sy ny herin'Andriamanitra miasa eo anivonareo, angamba efa tapaka ny famatsiana. Fantatrareo, rehefa mivoaka ianareo, ny rano . . .

124 Mandeha mankany an-tany efitra aho matetika, any Arizona. Ary voamariko fa ny kirihitra antitra kely tsirairay eo amin'io tany efitra io dia mandratra; hanindrona anareo izany. Isaky ny mikasika azy ianareo, dia hanindrona anareo izy. Satria tsy manana rano ampy hikarakarana azy izy, mivoaka ho an'ny fiarovana iray ireo tsilo.

125 Miverina eto ianareo, na any Oregon na any ho any izay manorana isan'andro, ary ny tsirairay avy amin'ireo karazana kirihitra iray ihany ireo dia tsy manana tsilo eo aminy. Hitanareo, ny rano no mitahiry azy ireo halefaka.

126 Ary izany ilay olana amin'ny fiangonana. Rehefa lasa maina tanteraka ianareo ka voageja, sy ny zavatra rehetra, lasa tena mangatsiaka sy ara-pototra ary tsy miraika ianareo, tsy mahazo fitahiana ara-panahy mihitsy ianareo, amin'izay fotoana izay dia feno tanteraka ny fonareo ary feno fahasosorana

sy fahatezerana, ary, ny olona rehetra, "Oh, ho valiako mihitsy aza izy. Ho valiko mihitsy aza izy. Hiala amin'ny fiangonana aho." Andian-tsilo iray fotsiny mipetraka ao an-tany efitra iray. Marina izany. Ny ilainareo dia Ranon'ny Fanahy Masina tsara iray amin'ny fanao fahiny hirotsaka eo amboninareo, hanalefaka an'io fo mafy ratsy io. Amena.

127 Izaho tsy—tsy miezaka manao fampihomehezana aho. Miezaka aho ny hitondra an'ity aminareo. Rahalahy, ho hitanareo, raha mandray ny mariky ny bibidia ianareo, eo amin'izay hitsangananareo. Ary tsy afa-manoatra sy tsy manana fanantenana tanteraka tokoa ianareo rehefa manao an'izany. Tsy misy famelàna ho an'izany. Tsy afaka hiala amin'izany mihitsy ianareo. Marina izany. Afaka manao an'izany ao anatin'ny indray mipi-maso ianareo, saiky, hitanareo, noho izany dia mitandrema tsara. Ankehitriny ity ilay izy. Hanome azy . . . Mariho, ilay tany efitra . . .

128 Nilaza aho, ireo—ireo rano, ahoana fa ireo rano no nitahiry azy ireo halefaka. Izany no ataontsika androany, miditra ao amin'ny Fanahy. Hoy i Jaona hoe, "Tao amin'ny Fanahy aho."

129 Rehefa tany amin'ny tany efitra i Elia, dia tonga izy ireo. Hoy i Josafata hoe, "Ndao isika handeha ka hanontany ny mpaminany." Nandeha teo anatrehan'ilay mpaminany izy ireo.

130 Eny, ankehitriny, nampitroatra ny fahasosorany marina izy. Nijery teo amin'io lehilahy io izy, ka hoy izy hoe, "Nahoana ianao no tsy mandeha mankany amin'ny andriamanitry ny reninao? Nahoana ianao no tsy miverina any amin'ny fiangonanao manokana, tranainy, mangatsiaka, ara-pototra? Nahoana ianao no manatona ahy, rehefa tratry ny olana?" Zavatra tsy tsara ho lazaina mihitsy izany, saingy teny tena ampy handikana azy mihitsy izany. "Nahoana ianao no manatona ahy? Nahoana ianao no tsy mandeha mankany amin'ny andriamanitry ny reninao? Manana an'ireo fiangonana goavana tsara ianareo rehetra, ary ireo mpisorona rehetra tsara fahana, sy ny sisa, any. Miverena dia anontanio izy ireo mikasika an'izany. Nahoana ianao no manatona ahy eto?" Fioo. Oadray. Somary nibontsimbontsina izy, azo antoka mihitsy, sa tsy izany? Hoy izy hoe, "Raha tsy nohon'ny fanajako ny fanatrehan'io lehilahy tsara fanahy io, Josafata, dia tsy ho nijery anao akory aza aho." Oh, oadray, tao anatin'ny toerana iray toy ny inona no nisy an'io mpaminany io. Ankehitriny dia ao anatin'io karazana fanamboarana io tanteraka izy.

131 Hoy izy hoe, "Eny, itondray lokanga iray aho." Ny olona sasany dia tsy mino ny zava-maneno ao anatin'ny fiangonana. Saingy hoy izy hoe, "Itondray lokanga iray aho." Ary rehefa nanomboka nitendry hira fiderana tranainy tsara iray ilay lokanga hoe, *Akaiky kokoa, Anao, Ry Andriamanitro*; na inona no tianareo iantsoana azy, tsy fantatro. Rehefa nanomboka

nitendry ilay lokanga, dia tonga teo amin'ilay mpaminany ny Fanahin'Andriamanitra. Ary rehefa tonga teo aminy ny Fanahy, dia niditra tao amin'ny fahitana iray izy; nanomboka nahita zavatra izy.

132 Tsy maintsy manana ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Raha tsy izany, dia hoy ianareo hoe, "Tsy mety azoko hoe ahoana no ahafahan'ny olona manao hoe, 'Amena.'" Midira ao amin'ny Fanahy indray mandeha. Marina izany.

133 Tsy mety hitako hoe ahoana no itsanganan'izy ireo eo amin'ny lalao baseball ary mifampikapoka lamosina, sy mihorakoraka sy manao faribolana, sy mampidina satroka ary manao hadalana. Toy ny hoe adala, amiko. "Eny," hoy ianareo, "tsy tena mpankafy baseball tsara mihitsy ianao." Izaho fotsiny dia saiky tena . . .

134 Ahoana ny aminareo, amin'ny maha-Kristiana iray? Eny àry. Marina izany. Tsy maintsy miditra ao amin'ny Fanahin'izany ianareo.

135 Tahaka an'izany ilay izy rehefa nandeha tany amin'ny dihy ianareo taloha. Tsy mino aho fa handeha ianareo ankehitriny. Azo antoka tokoa fa tsia. Fa raha ianareo—nandeha ianareo taloha, tsy maintsy nitendry an'ilay mozika hoop-up izy ireo, ary nitendry an'ireo orkesitra sy nikapoka an'ireo amponga, ary nanao ny karazan-javatra rehetra izay nisy mikasika an'izany; ary nihazakazaka ireo vehivavy tany, nitanjaka tapany sy ny zavatra hafa rehetra, ary nandihy teo amin'ny gorodona, sy ny sisa; miditra ao amin'ny fanahin'ny dihy. Eny, marina izany, miditra ao amin'ny fanahin'izany ianareo. Izany no fanahin-devoly. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Faly aho fa hoy ianareo hoe, "Amena," satria izany no fahamarinana. Hoporofoiko amin'ny alàlan'ny Baiboly izany. Marina izany. Eny àry.

136 Hoy ianareo, "Eny, tsy mino an'izany aho, rahalahy." Eny, ianareo, tsy izay lazainareo ilay izy, na izay eritreretiko.

137 Ilay izy dia izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra. Izany no mandamina azy. Izany ilay Teny farany. Eny, tompoko. Hoy Izy hoe, "Raha tia an'izao tontolo izao ianareo, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an'Andriamanitra." Marina izany. Ary tsaroanareo ilay ramatoa kely, antitra izay nampianatra ny zananivavy handihy amin'ny kiraro mipoapoaka, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary nandeha teo ka nandihy teo anatrehan'ilay mpanjaka, ary nitaky ny lohan'i Jaona Mpanao-batisa; ny fitopolo tamin'ny zanany dia maty tahaka ny mpivarotena ary teo ambonin'ny hazo fanantonana. Afaka mahita an'izay ataon'ilay izy tahaka an'izany ianareo.

138 Nijanona tany an-trano ny renin'i Mosesy, ary niambina azy, ka nampianatra azy ny Tenin'ny Tompo, hitanareo izay nitranga

taminy sy ny azy. Tamin'ny alàlany no tonga . . . Abrahama, sy ny sisa, ary mitohy midina.

139 Eny àry, miankina amin'izay tianareo hatao fotsiny izany. Ianareo, manana safidy malalaka ianareo. Mihetsika amin'izay rehetra tianareo hihetsehana ianareo. Marina. Andriamanitra dia nametraka teo anoloan'ny olona, tahaka ny sahan'i Edena, an'ilay Hazon'Aina na ilay hazon'ny fahafatesana. Ataovy ny safidinareo. Hitanareo? Izay rehetra mampifaly ny fanahinareo, dia izany no hohaninareo. Mariho ankehitriny. Ary izy ireo dia . . .

140 Te-hamaky an'ity indray aho ankehitriny. Tao amin'ny Fanahy izy. Tonga teo aminy ny Fanahy. Nanomboka nahita zavatra izy. Diniho ankehitriny.

> *Tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo aho, ary nandre . . .*
>
> *Izaho* dia *tao amin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo, ary* izaho *dia nandre taoriako feo mahery iray, . . . an'ny trompetra iray, . . .*

141 "Trompetra." *Trompetra* dia "filazana." Gabriela, amin'ny Fihavian'ny Tompo, dia hitsoka ny trompetran'Andriamanitra. Ity dia fitsofan'ny trompetran'Andriamanitra. Amin'ny teny hafa, dia vonona ny hilaza ny fitodiana Mandrakizay an'izao tontolo izao Izy. Trompetra iray, inona izany? "Aoka ho vonona. Hanome anao ny Fanambaran'i Jesosy Kristy Aho, mba homena an'ilay Fiangonana. Hiresaka aminao Aho, ho inona ny fitodian'izao tontolo izao, ho an'ireo izay mandray sy ireo izay mandà."

142 Trompetran'Andriamanitra iray. "Tandremo!" Ny lehilahy tsirairay, rehefa mitsoka ny trompetra, dia mandramby ny sabany izy ary mitsangana eo amin'ny toerana iray, tandremo. Ilay trompetra!

143 Hoy i Paoly hoe, "Raha manao feo hafahafa ny trompetra, dia iza no hiomana ho amin'ny ady?"

144 Tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao. Oh, rahalahy, rehefa mijery manodidina aho ka mahita an'ireo fiangonana rehetra mangatsiaka, ara-pototra, tsy miraika ireo, sy ireo zavatra tahaka an'izany, "manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny," dia ahoana no ahafahan'ny lehilahy iray hanomana ny tenany? Manao feo hafahafa iray.

145 Hoy ianareo, "Eny, ankehitriny, hikambana amin'ireo fiangonana aho. Handeha any aho ary hanandrana ny Metodista, na ny Batista, na ny Loterana, na ireo Pentekotista. Hanao zavatra aho. Hanao karazana hetsika iray aho." Oh, tsy izany ilay izy.

146 “Raha tsy ateraka indray ny olona.” Tsy ahoako raha Metodista izy, Batista, Pentekotista, na inona izy, tsy maintsy ateraka indray ianareo; tsy hiditra ao amin’ny Fanjakana ianareo. Amena.

147 Jereo,

. . .feo, . . .an’ny trompetra iray,

Nanao tamiko hoe, *Izaho no Alfa sy Omega, . . .*

148 Ny zavatra voalohany eo . . . Mampahafantatra Izy eto hoe, “Ilay Izaho no izy, ny Voalohany sy ny Farany.” Ny zavatra voalohany, rehefa nitsoka ny trompetran’Andriamanitra, dia nitodika izy. Dia hoy Izy hoe, “Izaho no Alfa sy Omega. Izaho no manomboka amin’ny A hatramin’ny Z. Izaho no rehetra amin’izany ankehitriny. Mahareta ka henoy Aho, vetivety.” Eny àry.

. . .ny voalohany sy ny farany: . . .Izay hitanao, dia soraty ao amin’ny boky, (ity Boky izay vakiantsika ity izany) *ary alefaso izany hankany amin’ireo . . .*

149 Aiza? Nalefa manokana mihitsy. Nankaiza, niverina nankany amin’ilay taona ve? Tsia. “Mankany amin’ny fiangonana.” Mankany amin’ny fiangonana. Mariho.

. . .Izay hitanao, dia soraty ao amin’ny boky, ary alefaso izany hankany amin’ireo fiangonana fito izay any Azia; . . .

150 Satria, tandindona iray an’ny fiangonana izany. Ankehitriny, hiditra ao amin’izany isika, afaka minitra vitsy, haneho hoe ahoana fa natao tandindona ao amin’ireo taona fito ny Testamenta Taloha. Ireo taona fito dia mipetraka, na ireo fiangonana fito dia mipetraka eto any Azia, izay ampianarin’ny Baiboly mazava mihitsy, izay aloka iray, na tandindona iray an’ireo Taom-Piangonana Fito izay ho tonga. Ary amin’ny fanampian’Andriamanitra, sy miaraka amin’ny Baiboly, dia afaka manaporofo aho fa ny taom-piangonana tsirairay dia nifanaraka marina tokoa eo amin’izay Voalazany fa hisy azy, eo amin’izay lazain’ny Baiboly marina tokoa fa hisy azy. Ary eo amin’ny fiafaran’ilay taom-piangonana farany isika.

151 Ary miverina ao amin’ny Testamenta Taloha, mandray ny nofin’i Daniela, ka maneho aminy ny fahitana mikasika ny fanjakana Jentilisa, ahoana fa nahita sarivongana iray nitsangana izy; niaraka tamin’ny loha volamena, tratra volafotsy, sy fe varahina, ary ny tongotra sy ny ranjo dia vy sy tanimanga. Ary naneho hoe ahoana fa ny tsirairay avy amin’ireo fanjakana ireo dia nifandimby, arak’izay nolazain’ny Baiboly marina tokoa. Ary, jereo, ilay loha volamena, Babylona; Mediana sy Persiana, Grika; ary ilay fanapahana Romana; ary nizarazara tao anatin’ny fanjakana folo ilay fanapahana Romana, Roma atsinanana sy andrefana, sy ny sisa. Ary tao anatiny tao, dia

nisy vy sy tanimanga, ka tsy afaka nifangaro miaraka izy ireo; Protestanta sy Katolisisma teo ambanin'ilay fanapahana Jentilisa iray ihany. Ary nilaza izy fa hiezaka hifanimba hery mihitsy aza, hifampanambady izy ireo, izay ataon'izy ireo marina mihitsy amin'izao andro izao, marina tokoa.

152 Ary io fanjakana io tamin'ny andron'ireo mpanjaka ireo. Nanendaka Vato iray avy teo amin'ny tendrombohitra ilay Andriamanitry ny Lanitra, tsy tamin'ny tànana, izay namely an'io sarivongana io teo amin'ny tongotra ka namotika an'ireo fanjakana Jentilisa rehetra. Ary ny Fanjakan'i Kristy no nanapaka sy nanjaka, ary nitombo, ka nanarona ny tany sy ny ranomasina ary ny lanitra. Nanjavona tahaka ny vodivary ireo fanjakana Jentilisa, tahaka ny akofa eny am-pamoloana amin'ny andro fahavaratra. Sary iray toy ny inona no iainantsika. Marina izany.

153 Ary amin'izao andro izao, dia mahita Katolika sy Protestanta mifanambady ianareo, miezaka mamotika an'ilay hery; mitaiza ny zanakareo, tsy maintsy mampanantena ny hitaiza azy ireo tahaka an'*ity* na tahaka an'*itsy*. Hiditra ao amin'izany isika, afaka kelikely, ao anatin'ny hariva vitsy. Mariho izany, ahoana ilay izy, ary ahoana (ilay hafa) no nanjakan'ilay tanjaky ny vy teo amin'ilay hafa, nandrava azy ho potipotika sy nanaparitaka azy.

154 Fa tonga ny Zanak'ondry ka nitsangana. Ary ireo olona masina tamin'izany andro izany . . .

155 Ary ahoana fa nandeha nitety ny firenena tsirairay io hery Romana io. Tsy misy hery iray hafa eto amin'izao tontolo izao, ary fomba tokana ihany no ahafahany mandeha hatramin'ny farany, dia amin'ny alàlan'ny Katolisisma, ilay fiangonana Katolika, mankao amin'izao tontolo rehetra izao, mamotika ao anatiny ao. Ilay izy dia sary iray mahafinaritra, lehibe eto.

156 Ankehitriny, ho anareo Protestanta, manohiza manao ny kiraronareo fotsiny, satria, rahalahy, miaraka amin'izany mihitsy ianareo. Ary afaka manaporofo an'izany amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra aho, fa ao anatin'izany mihitsy ianareo goavana tahaka—tahaka ny sisa amin'izy ireo mihitsy.

157 Ankehitriny, diniho ankehitriny, "Ny Voalohany sy ny Farany. Izay hitanao, dia soraty ao amin'ny Boky." Ankehitriny, hoy Izy taminy hoe:

> . . . *soraty ao amin'ny boky* ity, *ary alefaso izany* any amin'*ireo* . . . *fiangonana izay any—any Azia; any Efesosy, sy* ho any Sardisy, *sy* . . . *Pergamosy,* . . . sy ny sisa, sy *Filadelfia, ary* . . . Laodikiana.

158 Hijanona eo isika ankehitriny, fotoana iray fotsiny na roa, hahita fotsiny hoe fotoana firy no ananako, satria tiako ny haka an'ity zava-dehibe farany eto ity, mikasika an'i Efesosy, ary hamatotra an'izany amin'ny an'i Laodikia, ka hahita raha tsy

mitovy amin'ilay fiangonana iray ihany isika, hitanareo, hahita raha tsy miaina amin'io andro io isika.

159 Oh, ry Fiangonan'Andriamanitra velona, mitsangàna ka mamirata. Jereo. Tsy mahafantatra ianareo. Maniry aho ny hanana karazana fandònana iray izay azoko homena anareo, amin'ny fomba iray. Maniry aho ny hahatongavan'ny Fanahy Masina ao amin'ny Heriny lehibe ka hitondra anareo eo amin'ny toerana iray izay handrambasanareo an'ity Baiboly ity ka hanao hoe, "Avelao aho hijery an'*Izany*," rehefa hitanareo fa:

> Rava ireo firenena, mifoha Isiraely,
> Ireo famantarana izay nolazain'ny Baiboly mialoha;
> Voaisa ny andron'ny Jentilisa, miaraka amin'ny tahotra manarona;
> "Miverena, O ry niely, amin'ny anareo manokana." (Marina izany.)
>
> Akaiky ny andron'ny fanavotana,
> Raiki-tahotra ny fon'ny olona;
> Aoka ho fenon'ny Fanahin'Andriamanitra, ny fanilonareo hadio sy hazava,
> Miandrandrà! Akaiky ny fanavotana anareo.

160 Marina izany. Oh, andro iray toy ny inona. "Soraty izany, alefaso izany mankany amin'ireo fiangonana."

161 Ankehitriny, tahaka ny Isiraely miditra ao amin'ny hatsarantarehiny fotsiny, tany amin'ny fiandohana teo ambanin'i Abrahama, mitohy midina mandalo an'ireo patriarka. Ary tamin'ny andron'i Ahaba dia niditra tao amin'ireo taona maizina izy, ilay taona maizina indrindra izay hitan'ny fiangonana. Nivoaka avy tao . . . Ary tamin'io fotoana io, ahoana fa nanambady an'i Jezebela i Ahaba, nampiditra fanompoan-tsampy tao amin'ilay fiangonana ortodoksa.

162 Ilay zavatra iray ihany, hoe, nanambady an'ny Romanisma ny Protestantisma nandritry ny dimanjato sy arivo taona an'ny taona maizina, tao amin'ilay Fiangonana Pergamosy, ary nivoaka niaraka tamin'ny fanompoan-tsampy, teo ambanin'ny endriky ny Kristianisma, niditra nankao amin'ilay taona matimaty izay tonga eto anoloantsika. Ary ao anatin'izany mihitsy isika ankehitriny. Ao anatin'ilay taona matimaty isika.

163 Tsy mino an'izany ve ianareo? Ankehitriny dia hipetraka aho eo amin'ilay . . . ianareo olona ao anatin'ireo fiangonana hafa. Ao anatin'ny taona matimaty iray ianareo. Ary mitety ny tany ireo evanjelistareo, manodidina ny tany, mitory an'ireo zavatra tahaka an'izany; tsy lasa na aiza na aiza ianareo. Mivazavaza ianareo . . . Mivazavaza ianareo Batista hoe, "Iray tapitrisa amboniny amin'ny '44." Inona no azonareo rehefa nahazo azy ireo ianareo? Andiana mpanota fotsiny no tonga, miaraka amin'ny anarany eo amin'ny boky (Marina izany.),

milaza fa mikambana amin'ny fiangonana Batista izy ireo. Tsy izany ihany, fa ny hafa, Metodista, Campbellites, ary ilay vondrona manontolo, ara-pototra sy tsy miraika fotsiny. Nanana an'izany i Billy Graham, "Niova fo telo alina," hoy izy, "afaka enina herinandro . . ." Ary enina herinandro taty aoriana dia tsy afaka nahita telopolo izy. Nahoana? Nahoana? Tsy nahazo na inona na inona mihitsy izy ireo, eo am-panombohana. Andiana mpanota fotsiny, nefa niezaka nametraka ny anarany teo amin'ny boky izy ireo, teo ambanin'ny fiantraikan'ny fifohazana iray.

164 Hoy Izy hoe, "Ny Fanjakan'ny Lanitra dia tahaka ny anankiray izay nanipy ny haratony, tany an-dranomasina. Rehefa nisintona izy, dia nahazo ny zavatra rehetra." Nahazo sokatra izy. Nahazo oran-dranomamy izy. Nahazo soka-drano izy. Nahazo hala izy. Nahazo bibikelin-drano izy. Nahazo menarana izy. Marina izany. Fa tao anatiny tao, izy dia nahazo trondro vitsivitsy, ihany koa.

165 Ary rehefa mitory fifohazana iray ny lehilahy iray eo ambanin'ny hery sy ny fanehoan'ny Fanahy Masina, dia atsipy manodidina ny olona ny harato. Marina izany. Fa raha bibikely iray izy eo am-panombohana, dia bibikely iray izy amin'ny fiafaran'ilay fifohazana.

166 Raha halan-drano iray izy, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia handeha hijery manodidina izy, hanao hoe, "Tsy mino an'io karazan-javatra tranainy io aho na ahoana na ahoana," dia mitsambikina miverina mankany amin'ilay rano.

167 Raha bibilava iray izy, dia hilaza izy hoe, "Efa noteneniko anareo ny mikasika an'izany," ary handeha hiala izy. Efa bibilava iray izy eo am-panombohana, efa izany ny natiorany. Ary tsy ho inona na inona hafa mihitsy izy mandra-piovan'io natiora io.

168 Tsy afaka hikambana amin'ny fiangonana ny lehilahy iray, na haneho fihetseham-po namboamboarina rehetra, na zavatra hafa, ka ho lasa Kristiana iray. Tsy maintsy fahaterahana mafy iray an'ny Fanahy izany; fahatsoram-po, maty, miantsoantso, mandry eo mandra-pahafatiny fanindroany. Tsarovy, avy amin'ny fahafatesana fotsiny ihany no ahatongavan'ny fiainana.

169 Ny voan-katsaka iray, raha mitoetra izy, mitoetra irery izy, dia tsy hidika mihoatra an'io voan-katsaka iray io mihitsy izy. "Raha tsy milatsaka amin'ny tany ny voam-bary iray, dia mitoetra irery izy." Fa raha milatsaka eo izy, dia lò, simba, ary avy eo afovoan'io fahalòvana io no tonga ny tsirin'aina izay manome azy fiainana sy mamokatra betsaka.

170 Raha tsy hateraka indray ny fiangonana, maty ny amin'ireo fanekem-pinoany sy teolojiany, sy ny sisa, ary ateraky ny Fanahin'Andriamanitra indray, dia ho antitra iray izy, mangatsiaka, ara-pototra, tsy masina, tsy miraika. Amena. Marina izany. Toriteny amin'ny fanao fahiny izany, sassafras,

saingy hamonjy anareo izany, rahalahy. Marina izany. Hitahiry anareo izany rehefa mitsoka mafy ireo tafio-drivotra. Lasa mamaka sy mifikitra. Manaisotra ny loto rehetra alohan'ny androtsahanareo ny fangaron-tsimenitrareo; mariho, marina izany, ary mifikitra tsara sy mafy ilay vatofantsika. Oh, rahalahy, andro iray toy ny inona no iainantsika; taom-piangonana ara-pototra, tsy miraika! Eny, tompoko.

"Ho an'ireo fiangonana fito," hoy Izy, "alefaso ity hafatra ity."

171 Ankehitriny, tao amin'io taom-piangonana io, dia nanomboka niditra izy ireo; nanambady fanompoan-tsampy izy ireo. Manao an'ilay zavatra iray ihany izy ireo ankehitriny; niditra izy ireo, manao an'ilay zavatra iray ihany. Ary avy amin'izany, dia miditra ao amin'ny Kristianisma ara-pototra, manomboka miha-manjavona mandra-pahatongantsika eo amin'ilay taom-piangonana farany.

172 Ankehitriny, ilay fiangonana moderina, izay antsointsika hoe "ny anaram-piangonana." Isika vahoakan'ny fahamasinana, fantatrareo, isika dia miantso azy ireo hoe, "ilay moderina," ary mandeha eo izy ireo ka manomboka ny fifohazany, ihany koa. Hoy ianareo hoe, "Tsy lasa na aiza na aiza izy ireo."

173 Fa andraso iray minitra fotsiny ankehitriny. Inona no azontsika? Tsy mahazo na inona na inona, tsy mihoatra an'izay azon'izy ireo. Marina tokoa izany. Raha mbola mifamaly sy mifandrafy ary mifanao hadalana foana isika, dia mbola mandeha tahaka ny olona foana isika; mandra-pahatongan'ny olona iray afaka handohalika eo amin'ny alitara ka hahitsy amin'Andriamanitra, hany ka afaka hanao tsinontsinona an'ireo zavatra kely izy ka handroso tahaka ny tokony hataon'ny Kristiana iray. Ny vilany tsy afaka hiantso ny famanan-drano hoe mainty. Marina. Aza mivazavaza azy ireo. Ndao isika hanadio ny dian-tongontsika manokana aloha.

174 Mamelà anay, ry vahiny, manome kapoka kely an'ny Filazantsara ho an'ny fiangonana aho ankehitriny. Mariho, marina izany. Izany marina tokoa no ilainareo.

175 "Oh," hoy ianareo, "manana Azy izahay." Dia mitsangana eo ary mitendry ny piano mafy arak'izay vitany, ary andiana amponga, sy mihazakazaka mandroso sy miverina eo amin'ny gorodona, nefa mivoaka ka mifamaly amin'ny mpiara-monina aminareo. Nahazo zavatra ve ianareo? Ah-hah. Tsia, tompoko. Ny zavatra tokana azontsika dia matimaty iray. Raha mbola mandeha foana ny zava-maneno, dia mandeha isika. Rehefa mijanona ny zava-maneno, dia mijanona isika. Rahalahy, aza miantso an'ilay lehilahy hafa hoe zavatra iray; ndao isika hijery manodidina ny varavarantsika manokana, aloha. Amena.

176 Teneniko aminareo, mila fifohazana iray amin'ny fanao fahiny isika tahaka ny nananantsika taloha tany ambanivohitra,

rehefa nandry tamin'ny tavany izy ireo nandritry ny alina manontolo. Tsy ny hanao hadalana, fa rehefa tena alahelo marina tokoa; ary tsy ny hiverina eo amin'ny alitara ka hijanona, fa ny hivoaka ka hanitsy an'izany amin'ny mpiara-monina izay nanaovan'izy ireo fahadisoana tamin'izany, ka hahitsy. Fantatrareo fa marina izany. Mamaofy, saingy, rahalahy, hanampy anareo izany. Marina izany. Tokony ho fantatrareo izany, ry sakaizako. Eny, tompoko.

177 Matimaty iray, toerana iray mahatsiravina ho an'ny fiangonana izany. Raha tsy mitandrina ianareo, dia saiky ao amin'io fanapahana iray io ihany ny Branham Tabernacle. Henoy, fantatrareo ireo zavatra ireo. Efa nampianarina izany, taona taorian'ny taona, taorian'ny taona, taorian'ny taona, teto ambonin'ity lampihazo ity, nampitandrina anareo fa ho tonga ireo zavatra ireo. Rehefa, nilaza ny Baiboly fa hisy fotoana iray izay handehanan'izy ireo avy any atsinanana hankany andrefana, sy avaratra ary atsimo, hiezaka hahita ny Tenin'Andriamanitra marina, fa tsy hahita an'Izany. Tsaratsara kokoa aminareo ny mifikitra, eo amin'izay fantatrareo fa itsangananareo.

178 Fa vantany vao nateraka indray ny olona iray; tsy fihetseham-po namboarimboarina, tsy hafanam-po iray, tsy amin'ny fametrahana ny anarany eo amin'ny bokim-piangonana iray, tsy amin'ny fikambanana amin'ilay fiangonana goavana indrindra ao amin'ny tanàna. Fa rehefa avy niantsoantso tokoa izy, sy niangavy, miaraka amin'ireo ranomaso eo amin'ny masony, mandra-pamelan'Andriamanitra ny fahotany, nanadio ny fanahiny avy tamin'ny fiainam-pahotana iray, ka feno ny Fanahy Masina; miaraka amin'ny tena fitiavana, sy masina, hany ka mamerina an'ireo fitaovana tranainy ho an'ny kodiarana izy, izay nangalariny tamin'ireo mpiara-monina, ary mandeha ka mandamina an'ireo zavatra ireo, ary miaina masina eo anatrehan'ny olona. Tsy hanana fifohazana iray mihitsy isika ao amin'ity faritra ity mandra-pananantsika an'izany.

179 Manomboka ao amin'ny tranon'Andriamanitra ny fitsarana, amin'ny alàlan'ny Tenin'Andriamanitra. Amena. Tsy boky iray, fa ny Baiboly. Tsy izay ampianarin'ny fiangonana iray amin'ny teolojiany, fa izay lazain'Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay vao hahazo fifohazana iray ianareo izay hisy an'ireo hery lehibe, sy fahagagana, sy famantarana, sy zava-mahagaga, ary ny zavatra hafa rehetra, hiseho.

180 Matimaty isika. Satria matimaty isika ao amin'ity taona ity, dia hoy Andriamanitra hoe, "Haloako avy amin'ny Vavako ianao." Ho lavina ity taom-piangonana ity. Hisy sisa nanamborana iray avy aminy, izay ho voavonjy. Noho izany dia tsaratsara kokoa aminareo ny manisy marika ny tenanareo, tsara mihitsy, mba hahita raha ao anatin'io sisa nanamborana

io ianareo ankehitriny. Hiditra ao amin'izany isika afaka iray minitra, raha sitrak'Andriamanitra. Mariho fotsiny ankehitriny.

> *Dia nitodika aho ka nahita an'ilay feo izay niresaka* tami*ko*. *Ary rehefa nitodika,* (Jereo.) *dia nahita fanaovan-jiro volamena fito aho;* . . .

181 Na, "fitoeran-jiro," hoy ny teny Grika. Ankehitriny, izany no fandikana voalohany, satria tsy nanana labozia izy ireo sy ny . . . Nanana an'ilay fitoeran-jiro kely izy ireo. Ankehitriny, ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, no iantsoantsika azy ireo.

182 Ankehitriny, tao amin'ilay toerana masina, izay nisy ny mofo haseho; ary maro aminareo mpitondra fivavahana no mahazo, ary izany. Ary ianareo olona eto amin'ny tabernakla, efa nampianarin'ny mpampianatra tsara iray eto, ianareo—fantatrareo ireo zavatra ireo.

183 Ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, izy ireo dia . . . nanana fanilo kely izy ireo teo amin'ny tampony, izay nandrehitra ny diloilo. Any amin'ny Zakaria, izay nahitany an'ilay fahitana, mino aho fa izay ilay izy, ary hitany ilay hazo oliva dia sy ilay hazo oliva malefaka; ny Jiosy sy ny Jentilisa, tany aloha lavitry ny fizaram-potoan'ny Jentilisa. Nanana fandorana zava-manitra volamena izy ireo, ary ireo fandorana zava-manitra roa ireo dia mandeha mankao amin'io fanaovan-jiro anankiray io izay manome diloilo ho an'ireo fanilo rehetra. Ary tsy nety azony hoe ahoana ireo zavatra ireo; ilay hazo oliva dia sy ilay hazo oliva malefaka. Ary ilay hazo oliva malefaka, mazava ho azy, dia notapahina, ka natao grefy tao anatiny ilay hazo oliva dia.

184 Ary io diloilo ho an'ilay fanilo io, *diloilo* dia maneho ny "Fanahy Masina," isan'andro. Hiditra ao amin'izany isika, eo amin'ny fanisiana marika ny olona, amin'ny Zoma hariva. Mariho, fa ity diloilo ity dia maneho ny Fanahy Masina. Izany no antony anosorantsika diloilo ny marary, dia satria maneho ny Fanahy Masina izany.

185 Nilaza ny Baiboly, ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-6, rehefa nandalo ny loza, dia hoy izy hoe, "Venty ny vary eran'ny famarana, ary venty ny vary hordea indroan'ny famarana; fa aza manimba ny Divaiko sy ny Diloiloko." Maniry aho ny handinihantsika ny Apokalypsy, mandritry ny herinandro vitsy, ka hiditra ao amin'izany, hoe iza io divay sy diloilo io. "Jereo mba tsy hanimbanao ny Divaiko sy ny Diloiloko. Aza manakaiky an'Izany." Amena.

186 Ankehitriny, mariho ireo fanaovan-jiro volamena ireo. Nararaka tao anatin'ireo fanaovan-jiro ireo io diloilo io. Ankehitriny, ny diloilo dia izay natao tao anatin'ilay fanilo, mba hirehitra. Ankehitriny, Arona dia . . . Andraikiny ny mandrehitra an'ireo fanilo ireo. Ary tsy maintsy nirehitra ireo fanilo ireo. Hazòny izany ankehitriny. Jereo. Manohiza manaja, ka henoy. Tsy maintsy narehitry ny afo izay narehitr'Andriamanitra ireo

fanilo ireo. Niditra niaraka tamin'ny afo hafa ireo zanak'i Arona, ka novonoin'Andriamanitra teo am-baravarana izy ireo; marina izany, afo hafa. Ilay afo izay natombok'Andriamanitra!

187 Ary diniho, ankehitriny, mandeha mankao amin'ny fantsona iray ireo fanaovan-jiro ireo. *Eto* nisy fanaovan-jiro anankiray, roa, telo, efatra (eto ambony), dimy, enina, fito, tahaka an'*izao*. Ankehitriny, ireo fanaovan-jiro volamena eto ireo, araka ny lazainy afaka minitra vitsy.

188 Ndao isika hamaky lavidavitra kely, angamba ho azontsika izany. Ary henoy izay nolazainy ankehitriny. Eny àry. "Ary ny Lohany . . . " Mino aho fa nihoatra an'ilay andininy faha-12 aho eo, "Fanaovan-jiro Volamena Fito." Andininy faha-13:

> *Ary teo afovoan'ireo fanaovan-jiro* volamena *fito dia nisy anankiray tahaka . . . ny Zanak'olona, niakanjo fitafiana lava hatrany amin'ny tongotra, sady nisikina fisikinam-bolamena teo amin'ny tratra.*
>
> *Ny lohany* dia tahaka—tahaka . . . *ny* volony dia *fotsy* tahaka ny *volonondry, . . . fotsy tahaka ny oram-panala; ary ny masony dia* . . . lelan'*afo;* . . .

189 Ankehitriny, dia ndao isika hijanona eo iray minitra fotsiny, satria tsy afaka hamela an'io sary io tahaka an'izany fotsiny isika. Jereo ireto fanaovan-jiro mitsangana eto ireto ankehitriny. Eny, ireo fanaovan-jiro ireo, araka ny ho hitantsika aoriana kely, dia maneho an'ireo Taom-Piangonana Fito. Izy ireo dia maneho an'i Efesosy, Pergamosy, ary mitohy midina hatrany amin'i Filadelfia, ary mitohy hatrany amin'i Laodikia; ireo Taom-Piangonana Fito.

190 Ary ny tsirairay avy amin'ireto fanaovan-jiro kely ireto dia nanana tavoaran-diloilo kely iray nipetraka teo, ary mirehitra eo ambonin'io labozia io ilay diloilo. Ankehitriny rehefa narehitry ny afon'Andriamanitra ny labozia anankiray, dia alain'izy ireo io labozia io ka andrehetany an'ilay anankiray hafa, avy eo dia apetrany izany; ary mandrehitra an'ilay anankiray hafa; ary ny anankiray mandrehitra an'ilay anankiray hafa, an'ilay anankiray hafa, an'ilay anankiray hafa, hatrany amin'ilay labozia farany. Mariho, ilay diloilo iray ihany.

191 Ankehitriny, ireo Taom-Piangonana Fito, dia manomboka amin'i Efesosy, sy Tyatira, Pergamosy, ary mitohy hatramin'ny farany. Ary ny Fanahy Masina, izay Diloilon'Andriamanitra, dia nilatsaka teo amin'ny fiangonana tamin'ny voalohany, tao Efesosy, ilay Fiangonan'i Efesosy, dia ilay fiangonan'ny fahasoavana. Ianareo Batista dia tokony hihorakoraka "amena" eo. Ary noho izany teo amin'ilay fiangonan'ny fahasoavana, izay tao Efesosy, ary ny epistily ho an'ny Efesiana no mametraka antsika, hoe iza isika talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Nilatsaka teo izany, ary nandray ny Fanahy Masina izy ireo.

192 Fa andraso iray minitra, ry rahalahiko Batista, ahoana no nandraisan'izy ireo an'Izany? Ahoana no nahazoan'izy ireo an'Izany? Tamin'ny alàlan'ny fikambanana amin'ny fiangonana ve? Tsia mihitsy. Tamin'ny alàlan'ny batisan'ny Fanahy Masina no nahazoan'izy ireo an'Izany. Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, marina izany." Inona no nitranga taminareo rehefa nilatsaka teo aminareo Izany?

193 Mariho, ilay Afo iray ihany izay nandrehitra an'ilay diloilo teo, tao Efesosy, no nandrehitra an'izany tao Tyatira; ilay Afo iray ihany izay nandrehitra teo, no nandrehitra an'izany tao Pergamosy; nanohy nandrehitra hatramin'ny farany, hatrany amin'ny Taom-Piangonan'i Laodikia. Ilay Fanahy Masina iray ihany, narehitr'ilay Andriamanitra iray ihany, tamin'ny alàlan'ilay Afo iray ihany. Ary ilay Afo izay nilatsaka tamin'ny Pentekosta no nandrehitra an'ilay labozia, ilay Fiangonana, nanerana ny taona tsirairay, nitohy hatramin'ny ankehitriny mihitsy.

194 Fa ny olana amin'ilay izy dia, isika Batista, isika Metodista, any aoriana lavitra isika *eto,* miezaka ny maka zavatra ara-tantara iray, ary indro ilay Fiangonana fa mandeha *eto*. Marina izany. Teo no nahatavela antsika any aoriana. Ny fiangonana tsirairay, rehefa nanomboka izy, dia tsy nisy . . .

195 Jereo i Luther, tao amin'ilay fanavaozana voalohany. Fifohazana iray toy ny inona, Luther. Jereo, manana ny bokiny aho any an-trano. Toy ny ahoana no nanozongozonan'io lehilahy io teo ambanin'ny herin'Andriamanitra! Toy ny ahoana no ninoany ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, nanaiky an'Izany ny tenany; nino ny herin'Andriamanitra, betsaka mihitsy aza, hany ka niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy, Martin Luther. Marina tokoa izany. Niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra i Martin Luther.

196 Ary avy eo dia tonga ilay taona manaraka, John Wesley. Nanao an'ilay zavatra iray ihany i John Wesley. Rehefa nitory teny izy, dia hoy izy hoe, "Inona ireo teny izay imonomononako ireo, ny tenako aza tsy mahafantatra?" Marina izany, niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra; nino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Ary rehefa tonga teto Amerika izy, dia nitondra azy tahaka ny itondran'izy ireo an'ireo holy-rollers amin'izao andro izao ireo fiangonana eto, nandroaka azy, tao amin'ireo fiangonana. Ary nitory ny Filazantsara izy ireo tany, ary lavo teo ambanin'ny herin'Andriamanitra, hany ka nandry teo amin'ny gorodona izy ireo, nandritry ny alina manontolo.

197 Ary ny bokin'i John Wesley manokana, izay ananako any an-trano ankehitriny, teo amin'izay nitaingenany soavaly indray andro, mba hivavaka ho an'ny vehivavy iray izay narary, ary nianjera ilay soavaly ka tapaka ny tongony. Ary niala tamin'ilay soavaly izy, ka naka tavoaran-diloilo iray ary nanosotra diloilo

an'ilay soavaly, ka niakatra teo amboniny ary lasa nitaingina. Ilay Afo iray ihany no nirehitra teo.

198 Fa nanetry an'izany ho endri-javatra ara-pomba fivavahana iray ianareo, ka nanohy nandroso ny Fanahy Masina. Marina. Marina izany.

199 Ary ao amin'ilay fiangonana Metodista, "Misy zavatra tsy mety amin'izy ireo," ilay araka-. . . hoy ny bokin'izy ireo hoe, "tratry ny fangovitana izy ireo." Ary nanomboka nandeha izy ireo, ary nangovitra sy nitsambikina izy ireo, ary nihetsika tahaka an'*izao*, tao amin'ireo fivoriany anaty tranolay sy ny sisa, ireo Metodista. Nahoana, rahalahy, raha afaka niseho teo amin'ny sehatra i John Wesley, dia ho tena menatra ny aminareo izy, ho nandà anareo izy; raha tsy hoe hanome anareo fikaravasiana tsara iray an'ny Filazantsara miaraka amin'ny Filazantsara izay notoriany izy.

200 Nitsangana aho vao tsy ela akory izay, teo akaikin'ilay toeramasina, izay namotsoran'izy ireo an'ireo amboadia, tamin'io andro io izay nitoriany ny—ny fahateraham-baovao, sy ny sisa, ary izany. Ary namotsotra an'ireo alika teo aminy ilay fiangonana ambonin'i Angletera. Dia hoy izy hoe, "Tsy hilatsaka intelo eo ambonin'ny lohanao ny masoandro, mandrapiantsonao ahy hivavaka ho azy." Dia nanao izy; ary maty. Marina izany. Azo antoka.

201 Izany no ilaintsika amin'izao andro izao. Mila an'izany karazana Metodista izany isika. Mila Batista hafa iray tahaka an'i John Smith isika, izay nijanona tao amin'ny efitra ka nijaly niaraka tamin'Andriamanitra, ary nivavaka nandritry ny alina manontolo, tamin'izany fanao izany, hany ka tena nivonto mafy ireo masony, ny maraina, ny vadiny no nitarika azy nankeo amin'ny latabatra, mba hihinana.

202 Oh, inona no ataontsika amin'izao andro izao? Mitsangana eo amin'ny zoron-dàlana, miaraka amin'ny sigara iray eo amin'ny molotsika; nefa diakona iray ao amin'ny fiangonana, ary mandeha eo sy mihetsika; mankany amin'ny fampisehoana sarimihetsika, sy mijery televiziona mandritry ny alina manontolo; ary mijanona miala lavitra ny fiangonana; mifoka, misotro, miloka, mandeha mankany amin'ny hazakaza-tsoavaly, nefa miantso ny tenantsika hoe Batista. Ny hadalana rehetra!

203 Ny ilaintsika amin'izao andro izao dia fifohazana amin'ny fanao fahiny, nirahin'Andriamanitra, an'ny Fanahy Masina. Amena. Tsy ny tiako lazaina. . . Tsy miezaka hanao anareo ho taitaitra aho. Fantatro fa tsy taitaitra ianareo, fa, rahalahy, izany no fahamarinana. Miezaka mampahafantatra an'ilay zavatra aminareo aho. Izany no fahamarinana. Izany no ilaintsika. Eny àry.

204 Ankehitriny, izany no Baiboly. Izany no lazain'ny Fanahy, hitanareo. "Ireo fanaovan-jiro." Eny àry. Ankehitriny ny andininy faha-13.

> *Ary teo afovoan'ireo fanaovan-jiro* volamena *fito nisy anankiray tahaka . . . ny Zanak'olona, . . .*

205 Inona? Anankiray tahaka Azy. Iza io? Ny Ampakariny. Anankiray tahaka Azy. Diniho hoe ahoana izany.

> *. . . niakanjo akanjo lava hatrany amin'ny tongotra, . . .*

206 Ny fahamasinan'i Jesosy Kristy no manarona Azy. "Efa nanasa antsika ho afaka amin'ny fahotantsika tamin'Ny Ràny Manokana." Eny àry.

> *. . . nisikina teo amin'ny tratra* (tsy lehilahy iray; vehivavy iray) *tamin'ny fisikinam-bolamena.* (Ny Filazantsara izay nihazona ny hery sy ny voninahitr'Andriamanitra teo ambonin'ny Vatan'i Kristy.)

207 Oh, sary iray tsara tarehy toy ny inona no ananantsika eto eo ambanin'ny fiheverana. Jereo eto.

> *. . . hatrany amin'ny tongotra, sy nisikina teo amin'ny tratra tamin'ny fisikinam-bolamena.*
>
> *Ny lohany sy ny* volony dia *fotsy* tahaka ny *volonondry, . . . fotsy tahaka ny oram-panala* (fahamarinana, fahamasinana; no resahan'ny fotsy); *ary ny masony . . .* tahaka ny lelan'*afo;* (Mijery amin'ny alàlan'izany mihitsy.)

208 Aza manandrana hiafina Aminy. Fantany hoe iza ianareo, aiza no misy anareo, ary inona no nataonareo. Eny, tompoko. Mahita ny zavatra rehetra Izy. O Andriamanitra . . .

209 Manana minitra vitsy fotsiny isika raha ho tonga eo amin'ity taom-piangonana hafa ity aho, raha vitantsika. Mariho.

> *Ary ny tongony* dia *tahaka . . . varahina manganohano, . . .*

210 *Varahina* isan'andro dia "fitsarana," fantatrareo; ilay alitara varahina, sy ilay menarana varahina, sy ny sisa. Miresaka fitsarana ny varahina. Ny Tongony, arak'izany, ilay Fiangonan'i Jesosy Kristy dia mipetraka eo ambonin'ny fitsarana Masina. Maty eo amin'ny toerantsika Kristy, ilay Anankiray Marina izay nandoa ny fitsarantsika any, eo . . . anatrehan'Andriamanitra, ary maty teo tahaka ny mpanota iray teo ambonin'ny hazo fijaliana, ary ny Fanahiny nidina nankany amin'ny helo. Ary Andriamanitra, tsy namela Ny Iray masiny hahita ny lò, dia nanangana Azy tamin'ny andro fahatelo, ho an'ny fanamarinana antsika; Izay mipetraka eo Ankavanany ankehitriny, Mpisoronabe iray izay azo

kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika; izay hiverina tahaka ny fomba Nandehanany nankany An-danitra, mba handray Fiangonana be voninahitra iray izay nanao ny Tenany ho vonona, voasasan'ny Rà ary nateraka fanindroany. Inona ny—fahitana iray toy ny inona. Amena. Eny àry. "Tahaka ny varahina manganohano," na, diniho ankehitriny, "ary Ny . . . ary . . . "

> *Ary ny tongony* dia *tahaka . . . varahina manganohano, toy ny* efa nodorana *tao anaty lafaoro;* (Izany hoe nesorina ireo tain-drendrika rehetra.) *ary ny feony . . . ny* feon'*ny rano be.*

211 Diniho, izany dia ilay Fiangonana miresaka Aminy ankehitriny, *rano*. Apokalypsy 17:15, nanao hoe, "Rano dia midika hoe hatevenana sy habetsahan'olona." Ankehitriny, "Ny Feony," na io Vatana izay nitsangana teo io dia tahaka an'izany, Kristy ao amin'Ny Fiangonany, tahaka ny Ampakarina sy Kristy izay Iray, tahaka ny vady lahy sy vady vavy izay iray; ilay Fiangonana sy Kristy dia voalasitra miaraka ho Olona anankiray, ilay Fanahy Masina iray ihany.

212 Ary ireo zavatra izay nataon'i Kristy, no ataon'ilay Fiangonana ihany koa. Hitanareo ve izany? Io Fiangonana tsara tarehy eo io ao amin'ny fahamasinana, ao amin'ny hery, ao amin'ny fiandrianana, miaraka amin'ny fahitana an'ireo fahitana, famantarana, fahagagana. Ny zavatra rehetra dia tahaka an'izay Nataony mihitsy, eto an-tany eto izany; manome ny dera rehetra ho an'Andriamanitra, manao hoe, "Tsy mahay manao na inona na inona afa-tsy izay asehon'ny Ray Amiko Aho; fa Izy no naneho Tamiko, ary indro ilay izy." Ary tonga isika, hitanareo, hiseho ireo zavatra ireo.

213 Ankehitriny, Kristy, voalasitra ao anatin'ny Anankiray.

> *. . . ary* ny *feo . . . an'ny rano be . . .*

Olona maro, tsy anankiray fotsiny; ilay Fiangonana manontolo izany, ireo Fiangonana Fito voalasitra miaraka ao anatin'ny Vatan'ny Tompo lehibe voavidy. Ireo Metodista, ireo Batista, ny Presbyterana, ny rehetra izay nateraky ny Fanahy Masina indray, miresaka miaraka amin'ny herin'Andriamanitra, izany ilay Vatana. Izany ilay Vatana.

> *Ary izy nanana teo amin'ny ankavanany . . .*

214 "Ankavanana." Ny zavatra rehetra ao amin'ny Baiboly dia manana ny dikany, hitanareo.

> *. . . teo amin'ny tànany ankavanana an'ireo kintana fito* (ankehitriny Izy—Izy dia Mpanjaka iray): *ary avy teo amin'ny vavany no* mivoaka *ny sabatra maranitra roa lela: ary ny* tarehiny *dia* tahaka *ny masoandro* mamiratra *amin'ny heriny.*

215 Ankehitriny, "Avy amin'ny Vavany no mivoaka ny sabatra maranitra roa lela," avy amin'ny vavan'Ity mitsangana eo ity, Kristy sy ilay Fiangonana izay iray.

216 "Nihazona kintana fito teny an-Tànany Izy." Ary hahita ianareo afaka minitra vitsy; tiako ny ho tonga eo amin'izany, aoka fotsiny ny Baiboly no hiteny hoe inona izany. Izany dia ireo mpitoriteny fito, mpitory teny iray ho an'ny taona tsirairay an'ireo Taom-Piangonana Fito ireo, tonga, mihazona azy ireo eny an-Tànany ankavanana. Amena. Io Izy. Nisy anjely fito, iraka fito, iray ho an'ny fiangonana tsirairay. Azonareo ve ilay izy?

217 Eo, mitsangana eo Izy.

> . . . *avy ao amin'ny vavany no* mivoaka *ny sabatra maranitra roa lela*: . . .

Inona ny sabatra maranitra roa lela? Hebreo ny toko faha-4, nanao hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra, mahery kokoa noho ny sabatra roa lela, mandeha hatrany amin'ny tsokan'ny taolana mihitsy, ary Mpamantatra an'ireo eritreritry ny saina." Eny àry.

> *Ary rehefa nahita azy aho, dia lavo* teo amin'ny . . . *Lavo teo an-tongony tahaka ny maty aho. Dia nametraka ny tànany* teo *amiko izy, nanao hoe* . . . *Aza matahotra; izaho no voalohany sy ny farany:*
>
> *Izaho no ilay velona, ary efa maty; fa, indro, velona mandrakizay aho, Amena; ary* izaho *no manana an'ireo fanalahidin'ny helo sy . . . fahafatesana.* (Jesosy izany. Diniho ankehitriny.)
>
> *Soraty* ireo *zavatra izay efa hitanao, sy ireo zavatra izay misy, ary* ireo *zavatra izay hisy rahatrizay;* (Eny àry.)
>
> Ary *ny zava-miafin'ireo kintana fito izay efa hitanao teny an-tànako ankavanana,* dia . . . *tànana, ary ireo fanaovan-jiro volamena fito. Ireo kintana fito dia anjely* fito *an'ireo fiangonana fito:* . . .

218 Ooh! Hazòny izany. "Ireo anjely fito dia ireo mpitoriteny fito an'ireo fiangonana fito." Nisy fiangonana iray an'ny mpitarika an'i Efesosy. Ankehitriny raha hamela Andriamanitra, ka hanohy eo amin'ity isika, fa tsy handray *Ny Mariky Ny Bibidia,* dia afaka haneho aminareo ny tsirairay avy amin'izy ireo aho, hatrany amin'ity taona farany ity mihitsy, tahaka ny—tahaka ny inona izy ireo; haneho aminareo an'ilay Fiangonan'i Filadelfia, izay ireo Metodista, John Wesley; haneho aminareo an'ilay—ilay Fiangonana Tyatira, aorian'i Pergamosy avy hatrany; izay Martin Luther, ary manohy midina avy hatrany any amin'ilay taona, ka haneho ny tsirairay avy amin'izy ireo izay tonga sy nitondra ny hafatra, nametraka ny hafatra teto an-tany.

219 Ary hatramin'ilay Hafatra farany mihitsy, amin'izao andro izao, marina izany, izay nanirahan'Andriamanitra Anjely iray avy any An-danitra, Mpanompony iray voamarina, ary nandefa Hafatra iray ho an'ny tsirairay. Tsy ho fiangonana iray izany. Tsy ho rafi-pandaminana iray izany ao amin'izao andro farany izao. Satria, napetrak'Andriamanitra eo amin'ny talantalana ny rafi-pandaminana, ary mahafantatra tsara an'izany ianareo rehetra. Ary miandrasa mandra-pandinitsika rahampitso hariva, eo amin'ny *Ny Mariky Ny Bibidia*, dia jereo hoe aiza no misy ny fiangonanareo, hitanareo, sy ny rafi-pandaminanareo.

Diniho ankehitriny ireo fiangonana.

. . .ary ireo fanaovan-jiro fito izay hitanao dia ireo fiangonana fito. (Ireo fiangonana izy ireo.)

220 Ary ireo *kintana*, satria, mihazona ny kintana tsirairay Izy. Jereo ankehitriny. Afaka hijanona iray minitra fotsiny ve isika? Fantatro fa manana eo amin'ny roa ambin'ny folo minitra eo aho handehanana eto ary tiako ny ho tonga eo amin'ity toko eto ity mihitsy, ka hamaky azy hatramin'ny farany, raha tsy misy na inona na inona hafa. Tiako ny hitondra an'ity aminareo. Ny kintana iray dia mpitoriteny iray, ary mpitoriteny iray voahosotry ny Fanahy avy any Ambony.

221 Fantatrareo ve fa misolotena kintana iray any An-danitra ianareo, ary ny kintana tsirairay any An-danitra dia misolotena anareo? Efa fantatrareo ve fa Andriamanitra dia niteny tamin'i Abrahama fa ho tahaka an'ireo kintan'ny Lanitra ny taranany? Voalohany dia vovoky ny tany izy ireo, ary avy eo tao amin'ny fitsanganana dia kintan'ny Lanitra izy ireo, tsy voaisa. Efa fantatrareo ve izany?

222 Efa fantatrareo ve fa Jesosy no Kintan'ny Maraina sy Mamiratra, ilay Kintana lehibe indrindra amin'ireo kintan'ny Lanitra rehetra? Oh, Haleloia! Rehefa mieritreritra an'izany aho, dia mitroatram-pifaliana ny fanahiko. Io Izy! Araka ny Endriny eo, ao amin'Ny Fanatrehany, dia hipetraka isika indray andro any, Haleloia, rehefa levona ireo zavatr'ity tany ity.

223 Fa, henoy, tonga amiko ny Soratra iray hafa. Hoy i Daniela. . . Rehefa hoy Izy hoe, "Akombòny. . . "

224 Rehefa nahita an'io Anjely io nidina izy, niaraka tamin'ny avana iray teo ambonin'ny Lohany; nametraka ny tongotra iray teo ambonin'ny tany, ary ny iray teo ambonin'ny ranomasina; ary nanangana ny Tànany, ka nianiana tamin'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay. Rehefa ireo feo fito ireo no nampandre ny. . . Nampandre ny feony ireo Kotrokorana Fito. Hoy Izy hoe, "Asio tombokase izany; tsy fantatra hatramin'ny andro farany." Hoy Izy hoe, "Fa amin'ny fotoana izay hahatanteraka an'io zava-miafin'Andriamanitra io, no hanambarana an'ireo amin'ilay Fiangonana; ary nianiana

tamin'Izay velona mandrakizay sy mandrakizay, fa tsy hisy andro intsony."

225 Henoy àry izay Nolazainy teo. Hoy Izy hoe, "Zory ny làlanao, ry Daniela, ahoròny ilay Boky." Hitanareo? "Fa hitsahatra ianao, ary hitsangana amin'ny andro farany, amin'ny anjaranao. Fa maro amin'ireo izay mamerina ny maro amin'ny fahamarinana no hamiratra mihoatra noho ireo kintana mandrakizay sy mandrakizay."

226 Eo ianareo izao, "kintana," ireo mpitoriteny fito. Mpitoriteny fito, manerana an'ireo Taom-Piangonana Fito, izay misy roa arivo taona.

227 Nanomboka tamin'ireo roa arivo taona voalohany, ilay fandravàna talohan'ny safo-drano; roa arivo taona faharoa, ny fihavian'i Kristy voalohany; ny arivo taona fahatelo, ny fahenina, dia ny Fihavian'i Kristy faharoa; sy ny Arivo taona, ary ny farany, ny fitsaharan'ny andro fahafito.

228 "Ho amin'ny fiangonana . . . " Oh, hiharitra amiko minitra vitsy amboniny fotsiny ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny."—Mpand.] Ankehitriny, tsy te-handreraka anareo aho, fa hamaky haingana mihitsy ankehitriny. "Ho amin'ny anjely . . . " Diniho ankehitriny, mandefa an'ity mivantana Izy ankehitriny. Ary handeha ho eo amin'i Pergamosy isika ka haka ny faran'izany avy eo . . . Ny tiako lazaina, hankeo amin'i Laodikia, ary avy eo dia hamarana isika. Avy eo isika no haka rahampitso hariva, eo amin'ny *Ny Mariky Ny Bibidia*.

Ho amin'ny anjelin'ny fiangonan'i Efesosy . . . (Ilay voalohany.)

229 Diniho ankehitriny, rehefa nitsangana Jesosy niaraka tamin'ireo Tànany nitsotra. Ity misy zavatra kely iray izay tsy tiako havela, ho anareo. Henoy izany. Diniho izany. Mitsangana eo afovoany Izy, izany hoe ilay afovoany, an'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito.

230 Ankehitriny, raha nitsangana *teto* aho, ka niondrika nanodidina ireo fanaovan-jiro, *eto* amin'ny tànako anankiray no ahazoako azy, ary *eto* misy anankiray hafa, amin'ny famantaran'ny hazo fijaliana, satria tamin'ny alàlan'ny hazo fijaliana no nitondrana an'ilay Fiangonana.

231 Eto Izy no mitsangana; ary avana iray no eo ambonin'ny Lohany, ho fanekena iray. "Efa nanao ny Fanekeko tamin'ilay Fiangonana Aho, tamin'ny alàlan'i Abrahama, tamin'ny alàlan'ny Taranany, izay rehetra nantsoina."

232 Ny rahalahiko, indray hariva, teo am-pandraisana an'i Kristy, dia hoy izy hoe, "Aza atosika mihitsy aho, ry Bill." Hoy izy, "Rehefa miresaka amiko Andriamanitra . . . "

Hoy aho hoe, "Tsy afaka ho tonga ianao raha tsy Izy no miantso."

233 "Tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy Ny Raiko no miantso." Raha misy olona iray manao zavatra hafa, misintona anareo, dia olon-kafa izany. Fa rehefa miteny Andriamanitra, dia tonga ianareo, hitanareo. Marina izany. Mitsangana eo . . . "Tsy misy olona mahay manatona, raha tsy Ny Raiko no mitarika azy."

234 Io Izy mitsangana eo, "mitovy amin'ny vato jaspy sy karneola, ny voalohany sy ny farany," Benjamina sy Robena, ireo patriarka roa ambin'ny folo rehetra. Ary ahoana, ny Baiboly, ny kely tsirairay fotsiny dia mifampiditra tanteraka mihitsy tahaka an'izany, tanteraka ny zavatra rehetra! Mariho raha mitsangana eo Izy, mijery ankehitriny, diniho izay miseho. Nilaza Izy fa Izy no "Alfa sy Omega," Izy no "Fiandohana sy ny Fiafarana. Izy izay Nisy, sy izay Misy, ary Ho Avy." Izy no nanana tao amin'ny Tànany ankavanana, ankehitriny, an'ireo kintana fito.

235 Ankehitriny dia nanomboka tao Efesosy Izy eto, ary manomboka mandrehitra an'ilay fanaovan-jiro Izy. Nandrehitra an'izany Izy teo. Avy eo ilay taona manaraka, dia hitantsika, ilay taom-piangonana manaraka, manomboka mihena izany; ilay taom-piangonana manaraka dia mihena kely kokoa; hatrany amin'ilay taom-piangonana fahefatra, ireo dimanjato sy arivo taona an'ireo taona maizina. Ary nanodidina ny 500, 1500, tany ho any, dia nanomboka lasa tena maizina izany hany ka tany ambony tany izy ireo, ary saiky maty ilay izy.

236 Ary, mariho, ny tsirairay avy amin'ireo taom-piangonana ireo, hoy Izy hoe, "Tsy nandà Ny Anarako ianao. Tsy nandà Ny Anarako ianao. Tsy nandà Ny Anarako ianao." Fa rehefa tonga teo amin'ilay ilany hafa an'ireo taona maizina Izy, dia nanao hoe, "Manana anarana ho velona ianao, nefa maty." Nandrafitra izy. Nandray anarana sandoka hafa iray izy.

237 Diniho, rahampitso hariva, hoe inona ilay antikristy. Manana batisa sandoka iray izy, manao anareo hino fa izany no batisan'ny Fanahy Masina. Manana batisan'ny rano sandoka iray izy (Eny, tompoko.), izay tsy ara-tSoratra akory aza. Manana an'ireo zavatra rehetra ireo izy, ampy hakàna tahaka fotsiny, mba ho fetsy sy fatsora.

238 Diniho hoe avy aiza no ahatongavan'izany. Teo mihitsy no nanombohan'izany, tao mihitsy; tonga avy ao amin'io ilany hafa *eto* io.

Avy eo dia hoy Izy hoe, "Manana Hazavana kely fotsiny ianao," Luther.

239 Avy eo dia tonga i Wesley, ary ahoana ilay izy tao amin'ny taonany. Nanomboka namiratra izany.

240 Avy eo, avy teo anelanelan'io taona io sy ilay taona farany, dia nametraka varavarana nivoha iray Izy. Nametraka varavarana mivoha iray Izy ho an'ireo izay te-hiditra. Avy eo dia hoy Izy hoe, "Lasa tao amin'ny toerana matimaty

izy." Ary Naloany avy tamin'ny Vavany izy. Naka an'ilay sisa nanamborana, tonga ny fitsanganana, ary nandeha niaraka tamin'izany Izy. Marina izany.

241 Io Izy, mitsangana ao anatin'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito. Ankehitriny:

> *Ho amin'ny . . . fiangonan'i Efesosy soraty; Izao zavatra izao . . . soraty; Izao zavatra izao* no *lazain'ilay mihazona an'ireo kintana fito eny an-tànany ankavanana, izay mandeha eo afovoan'ireo fanaovan-jiro volamena fito;*

242 "Fantatro ny asanao." Tsarovy, tsy adino ianareo.

> *Fantatro ny asanao, sy ny fisasaranao, sy ny faharetanao, ary . . . ianao* tsy afaka *mahazaka an'ireo ratsy:* . . .

243 Nefa isika dia mahatanty ny zavatra rehetra izay ratsy, ka miantso an'izany ho fivavahana. "Oh, eny, izy ireo dia mandeha . . . Mandeha any am-piangonana izahay. Tsara mihitsy tahaka ny sisa amin'ireo olona izahay." Mandeha mody avy hatrany, mijanona any an-trano ny Alarobia hariva ary mijery televiziona, ireo tena lavaky ny helo mihitsy. Marina izany. Ary mivoaka avy hatrany ka mihaino sarimihetsika, eo am-pamiliana fiara. Mafana loatra ny mandeha any amin'ny fampisehoana, na dia . . . any am-piangonana; ary manakatona mihitsy aza ilay mpitory teny, eo afovoan'ny fahavaratra. Hoy ianareo hoe, "Mafana loatra ny mandeha any am-piangonana." Ilay izy dia tsy hoe, ratsy loatra, ny mandeha any amin'ny helo, rahalahy. Handeha ianareo, indray andro any, any amin'izay mafana kokoa noho izany. Tsaratsara kokoa aminareo ny mihaino.

244 Ahoana no ahavitanareo? Rahalahy, tsy afaka hanao voromailala iray hihinana soavaly maty ianareo, raha tsy maintsy hanao. Tsy afaka manao an'izany izy. Hafa ny natiorany. Tsy manana afero ny voromailala iray. Tsy afaka mahalevona an'izany izy.

245 Ary ny olona iray izay nateraka indray, an'ny Fanahin'Andriamanitra, dia tsy afaka hihinana an'ireo zavatra ireo. Tsy afaka mandefitra amin'izany izy. Tsy ao anatin'ny sainy izany. Tsy afaka manao an'izany izy. Tsy afaka izy.

246 Fantatrareo izany. Ny vorona mitovy volo no miaraka. Ary, amin'izao andro izao, dia tena mitovy betsaka mihitsy izao tontolo izao sy ny fiangonana, ianareo . . . Mitovy firesaka izy ireo, mitovy fisotro izy ireo, mitovy fifohana izy ireo, mitovy fanozona izy ireo, mitovy fiakanjo izy ireo, mitovy fihetsika izy ireo. Ary izy ireo, tsy afaka manavaka ny iray amin'ilay hafa ianareo, kanefa dia natao ho voaisin'ny Fanahy Masina tombokase ianareo.

247 Tena mafy izany, rahalahy, saingy, teneniko aminareo, hanome Fiainana ho anareo izany.

248 Nisy lehilahy iray, indray mandeha, nandeha nankeo amin'ny andiana mpitory teny iray, izay nananan'izy ireo seminera iray, nantsoina hoe sekolin'ny mpaminany. Ary hoy ny iray tamin'izy ireo hoe, "Apetraho ilay vilany goavana ankehitriny. Hanana sakafo hariva iray isika." Hoy izy, "Tonga i Elia, lehilahy iray izay manana anjara roa."

249 Noho izany dia nivoaka ny iray tamin'ireo lehilahy mba haka pitipoà vitsivitsy—vitsivitsy, ary nahazo voantangomboalavo eran'ny lohalika izy ka nametraka azy ireo tao anatin'ilay vilany, ary nanomboka nampangotraka an'izany. Nahoana, nanomboka nihinana izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Misy fahafatesana ao anatin'ny vilany." Izany dia saika mitovy mihitsy amin'izay azon'ny sasany amin'ireo seminera ireo andrahoina, ihany koa. Marina izany. Hoy izy, "Misy fahafatesana ao anatin'ny vilany."

250 Hoy i Elia hoe, "Andraso iray minitra, hokarakaraintsika izany." Mandeha izy ary maka koba eran'ny tànana, ka manipy an'izany ao anatiny, koa izany no nanova an'ireo zavatra. Koba, ilay koba-fanatitra, "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," ilay voa voatoto mitovy, ho an'ny koba fanatitra, ary izany no nanao ny fahasamihafana.

> . . . tsy afaka mahazaka *an'ireo izay ratsy: ary ianao efa nizaha toetra an'ireo izay milaza* fa *izy ireo dia* mpitory teny, na, *apostoly, nefa* izy ireo *dia tsy izy, ary nahita azy ireo* ho *mpandainga:*

251 Izany no Nolazainy; tsy izaho mihitsy no nilaza an'izany. Manonona Azy fotsiny aho. Fa fantatrareo ve izay takian'Andriamanitra? Mitaky batisan'ny Fanahy Masina Andriamanitra, fa raha tsy izany dia very ianareo.

252 Ary ny lehilahy iray eto miaraka amin'ny D.D.D.'s vitsivitsy, sy L.D.'s, sy Ph.D.'s, sy diplaoman'ny Bakalorea, ary ny zavatra hafa rehetra aorian'izany, nefa matetika dia tsy mahafantatra mikasika an'Andriamanitra noho ny inona na inona. Marina izany. Rahalahy, tsy midika na inona na inona izany. Nefa izao tontolo rehetra izao dia manao hoe, "Eny, ny mpitoriteninay dia Mpampianatra ny momba an'Andriamanitra." Oh, mamindrà fo. Tsy misy idiran'izany amin'Andriamanitra mihoatra—mihoatra noho ny maka rano fisotro iray; tsy betsaka tahaka an'izany. Marina izany. Andriamanitra tsy miraharaha hoe firy ny Ph.D.'s, na D.D.'s. Ary—ary fantatrareo izay antsoin'ny Baiboly . . . Ankehitriny, tsy vazivazy ity, satria tsy mino ny fitenenana azy ireny aho. Fa ny Baiboly dia miantso ny D.D. hoe, "alika maty." Izany marina tokoa no nolazain'ny Baiboly fa naha-izy azy, "alika maty." Eny àry, voalaza hoe, "Tsy afaka mivovò izy ireo." Koa, noho izany, eny àry.

Ary niaritra, sy nanana faharetana, ary nohon'ny anarako . . .

253 Oh, tiako ny handranitra an'izany, noho izany dia ho azonareo izany afaka hariva vitsivitsy, raha sitrak'Andriamanitra.

. . . efa nisasatra, sady tsy reraka.

254 "Nijanona tsara tamin'Izany ianao." Eny àry. Mariho.

Kanefa manana zavatra vitsivitsy *manohitra anao aho, . . .*

255 Ankehitriny, eto no tsy maintsy hijanonako ankehitriny, mandritry ny vetivety kely, mandra-pandraisako an'ity eto mba ahafahantsika maka azy rahampitso hariva.

. . . nanana zavatra vitsy *manohitra anao, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany ianao.*

256 Inona ny olana amin'ny tabernakla? Ny olona iray dia tokony mahay milaza, rehefa mihaona amin'ny olona iray ianareo hoe, "Izany ve no fahatsapana Kristiana anao, oviana no tena tianao izany?"

Tokony mahay milaza ianareo hoe, "Izao ankehitriny izao!"

257 "Eny, ny fahatsapako tsara indrindra dia tany aoriana tany fony aho nahazo ny Fanahy Masina voalohany, rehefa tonga aho."

258 Avy eo dia manao hoe, "Oh, rahalahy, lavo avy tamin'ny fahasoavana ianao." Marina izany. Jereo.

. . . efa *niala tamin'ny fitiavanao voalohany.*

Maneho fa nanana zavatra iray izy ireo tany amin'ny voalohany, ary niala tamin'izany.

259 "Tsy izay manomboka; fa izay maharitra hatramin'ny farany, no hovonjena." "Tsy izay . . . rehetra manao hoe, 'Tompo, Tompo,' fa ilay anankiray izay manao ny sitrapon'Ny Raiko." Oh, mamelà ahy hamela handentika an'izany mihitsy minitra vitsy fotsiny. Niresaka haingana aho izao hariva izao, na ahoana na ahoana, noho izany dia ndao isika handentika an'izany minitra vitsy fotsiny, hitanareo. "Izay manao ny sitrapon'Ny Raiko." "Izay maharitra hatramin'ny farany. Izay maharitra!"

260 Raha hoy ny olona iray hoe, "Mino aho fa izy, io zalahy io, dia mpihatsaravelatsihy ratsy iray."

261 "Eny, raha izany no ieritreretanao ahy, dia hiala amin'ny fiangonana aho. Tsy hisy idirako amin'izany intsony." Eny àry, eo ianareo izao. Hitanareo? Maneho hoe avy amin'ny inona no nanaovana anareo. Rahalahy, raha vary iray ilay izy teo am-piandohana, dia ho vary iray izany any amin'ny farany. Tsy nijanona ela be teo mihitsy fotsiny ianareo. Tsy manao an'ilay zavatra marina fotsiny ianareo. Marina izany.

Tsarovy noho izany izay nahalavoanao, . . .

262 Miverena ka tsarovy fony nanana an'ilay fahatsapana ianareo taloha izay tsy tianareo noresahana tamin'iza na iza. Raha nisy zavatra tsy nety tao am-piangonana, dia tsy nipetraka teo amin'ny tohatry ny mpiara-monina aminareo ianareo tany ka niresaka mikasika ny fiangonana, ary niresaka mikasika ny olon-kafa, nitroatra ka lasa nikambana tamin'ny fiangonana hafa iray. Tsia, nijanona tsara teo ianareo, tamim-paharetana ka nivavaka ho an'izany, ary Andriamanitra no nandamina an'izany hatramin'ny farany, hitanareo.

Tsarovy . . . izay nahalavoanao, ka mibebaha, . . .

263 Fantatrareo hoe inona no dikan'ny hoe "mibebaka," sa tsy izany?

. . . ary ataovy ireo *asanao voalohany; . . .*

264 Miverena ka alaivo ny fahatsapanareo voalohany. Ataovy ireo zavatra izay nataonareo tany amin'ny voalohany. "Mandehana mankeo amin'ny alitara ka ahitsiho amin'Andriamanitra izany," amin'ny teny hafa. Marina izany.

> *. . . ataovy* ireo *asanao voalohany; fa raha tsy izany dia ho avy aminao haingana aho, ka* izaho *hamindra ny fanaovan-jironao hiala amin'ny toerany, raha tsy mibebaka ianao.*

265 Ah-hah, "Raha tsy manao ianao, dia hanana fiangonana rava iray, ary lasa potipotika, raha tsy mibebaka ianao."

266 "Fa izao ianao . . . " Oh, ankehitriny dia indro tonga isika. Mihazòna mafy. Henoy tsara. Anaovy ny akanjon'ny mpitondra fivavahanareo ankehitriny, ary ampidino ny elonareo. Henoy. Satria . . .

> *Fa izao no anananao, fa halanao ireo asan'ny* Nikolaita, *izay halako koa.*

267 "Halanao ireo asan'ny Nikolaita." Diniho ankehitriny. Izay "asa" tao amin'i Efesosy, tao amin'ilay taom-piangonana manaraka, dia "foto-pampianarana." Halaintsika izany, rahampitso hariva, "ireo Nikolaita."

> Ary *izay* manana *sofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana; Izay maharesy dia* izaho no *hanome ho hanina avy eo amin'ny hazon'aina, izay eo afovoan'ny paradisan'Andriamanitra.*

268 Ankehitriny, ny manaraka, ny andininy manaraka dia manomboka amin'ilay Fiangonan'i Smyrna.

269 Ankehitriny, "Nikolaita," eo no hanombohantsika, rahampitso hariva, nalaina avy ao amin'ny Apokalypsy 13. Ilay asam-pisoronana Nikolaita, ahoana no nanombohany niasa tao amin'i Efesosy mihitsy. Ary teo no tsy nahomby

io taom-piangonana io, taorian'ny telonjato taona nisiany. Talohan'ny nialany tamin'ny fisiany, dia nanomboka nanao foto-pampianarana iray ireo Nikolaita, asam-pisoronan'ireo rahalahy.

270 Ary avy eo, ny voalohany, dia avy tamin'i Nicolas izany, izay iray amin'ireo—ireo apo-. . . iray amin'ireo. . . ary izy. . . Ao amin'ny Asa ny toko faha-6, mino aho, ary ny andininy faha-5, izay nandehanany ka nifidy an'ireo diakona. Ary nalain'izy ireo io anankiray io, dia i Nicolas tany, ary nanomboka teo ka niantso an'izany hoe ireo Nikolaita, ary nanomboka nandrafitra asam-pisoronana iray. Ary nanomboka teo ilay izy dia lasa "asa," izay nataon'izy ireo, nilaza an'ireo zavatra ireo teo amin'ny fiaikena, sy ny sisa. Ary avy eo ilay izy dia lasa "foto-pampianarana" teto, ka nandeha nankany Babylona. Ary niafara teo, amin'ny andro farany, niaraka tamin'ny Kristianisma rehetra nofonosina manodidina an'izany; sisa nanamborana kely fotsiny no ho voavonjy avy amin'izany. Diniho dia jereo hoe inona izany, rahampitso hariva, raha toa ka sitrak'Andriamanitra.

271 Oh, ry rahalahy malalako, ry anabavy malalako, ho an'Izay mahay mitahiry anareo tsy ho lavo, ho an'Izay mahay mihazona ny fonareo ao amin'ny fahasoavana, enga anie Izy handraraka an'ireo Fitahiany eo aminareo. Enga anie ianareo tsy hanadino mihitsy fa miaina ao amin'ireo andro faran'ilay taom-piangonana farany isika, izay voalaza mialoha fa ho taom-piangonana matimaty iray, tsy tapa-kevitra ny amin'Izany fotsiny. Ary atsaharo ny tsy tapa-kevitra. Manatòna marina tokoa an'i Kristy, amin'ny fonareo rehetra.

272 Tsy miteny aminareo aho hoe inona ny fiangonana hikambanana. Izany tsy manana. . . Tsy hanontany anareo an'izany mihitsy Andriamanitra ao amin'ny Fitsarana. Tsia, tompoko. Tsy Ahoany izay fiangonana ikambananareo.

273 Izy dia mila *anareo*; isam-batan'olona iray izany. Ary tsy maintsy ateraka indray ianareo ka mandray ny batisan'ny Fanahy Masina, fa raha tsy izany dia vita ianareo. Hitanareo? Milalao fiangonana fotsiny ianareo, maka tahaka fotsiny ianareo, raha tsy manana fahatsapana iray marina tokoa ny amin'ny hoe nateraka indray ianareo.

274 Ary eo, Izy izay nitsangana teo, sy ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito, nandritr'ireo Taom-Piangonana Fito, ary ilay Fanahy Masina iray ihany izay nampirehitra an'ilay Fiangonana eo, no mampirehitra an'Izany eto.

275 Ankehitriny, efa nisy mpaka tahaka tao amin'io fiangonana io, ary ity dia ireo Nikolaita eo, ary ny rehetra nidina nitety ny taom-piangonana tsirairay, ireo mpaka tahaka, mandra-pahatongan'izany eto hany ka lasa fivangongoana goavana be iray an'ny rafi-pandaminana fotsiny ilay izy. Ary

dakan'Andriamanitra ilay zavatra manontolo, ka maka sisa nanamboran'olona iray ho any amin'ny Voninahitra.

276 Enga anie hitahy anareo ny Tompo. Karazan'ny henjana ity, ry sakaiza, saingy tsara. Hanampy anareo sy hitahiry anareo tsy ho lavo izany. Ankehitriny, aza mandeha eo, manao hoe, "Namely ny fiangonako Rahalahy Branham." Tsy natao ho an'ny fiangonana iray izany. Izany dia natao ho anareo irery ihany, amin'ny maha-isam-batan'olona iray. Izaho tsy . . .

277 Raha mikambana amin'ny fiangonana Batista ianareo, amin'izay fotoana izay dia aoka ho tena Batista iray feno ny Fanahy Masina. Raha mikambana amin'ny fiangonana Metodista ianareo, dia aoka ho tena Metodista feno ny Fanahy Masina, na inona ilay izy. Ary tsy ho tsy ilaina iray ianareo; ho ilaina iray ianareo ho an'ny fiangonana rehetra, na ny mpiaramonina rehetra, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

Enga anie hitahy anareo ny Tompo ankehitriny, raha mitsangana isika, raha sitrakareo.

278 Tompon'ny Fiainana malala, rehefa avy namaky Ny Teninao, dia mitsangana amin-tahotra izahay. Mahafantatra fa indray andro any ity famakiana androany hariva ity dia ho. . .Handre an'Izany eo amin'ny horonam-peo izahay, mba hilazana azy, amin'ny Andron'ny Fitsarana. Inona no hataonay mikasika an'izany? Eo am-pahitana fa miaina ao amin'ity taona farany ity izahay, aizina hatraiza hatraiza, fotoana iray toy ny inona. Mahita ny Fihavian'ny Tompo, miseho ireo famantarana, "mikodiadia ireo onjan-tsamonta lehibe; ketraka ny fon'ny olona, matahotra; fotoana mahavery hevitra; fahoriana eo amin'ireo firenena."

279 Maro no manao hoe, "Oh, efa nandritry ny taona maro no nandrenesako an'izany." Saingy tsy efa nilaza ve ny Soratra fa izy ireo dia hilaza hoe, "Tsy misy fahasamihafana ny fotoana hatramin'ny nodian'ireo razanay mandry"? Tsy mahafantatra fa eo an-tokonam-baravarana mihitsy izahay. Mety ho tonga alohan'ny maraina Izy.

280 Ary, Ray, andro inona na ora inona, no fantatray, izay hahatapahan'io tadin'aina kely izay andehananay eo ambaninay io. Hihantona eo amin'ny fandanjana ireo fanahinay mahantra any, eo amin'ny Tenin'Andriamanitra, sy ireo toetranay ny amin'izay efa norenesinay sy novakianay.

281 Mety aminay, Tompo, ny mijanona ankehitriny ka mandinika ny tenanay. Ary raha mbola ireo lehilahy sy vehivavy, zazalahy na zazavavy, no mitsangana ato amin'ity mpanatrika kely ity, izao hariva izao, soa aman-tsara, dia enga anie izy ireo hieritreritra lalina izao ankehitriny izao. Ary raha tsy mbola nateraka indray izy ireo, dia enga anie izy ireo hihevitra ao am-pony izao ankehitriny izao hoe, "Tsy hihinana na hisotro mihitsy aho mandra-Pamenonao ahy an'ilay mana iray ihany

izay Namenoanao azy ireo tamin'ny Andron'ny Pentekosta. Hany ka lasa maty izao tontolo izao, ary ny zavatra rehetra ho faharoa afa-tsy Ianao, Ry Tompoko, ka hanjavona ny fitiavana ny zavatra hafa rehetra. Fa esory miala amiko ny fitiavana rehetra an'izao tontolo izao, ka avelao aho manomboka amin'ity andro ity ho Anao manontolo." Ekeo izany, Tompo.

282 Mombà ny olona raha mandeha any an-tranony izy ireo. Tsarovy ny manana ilaina, O Andriamanitra, ny mahantra ao amin'ny firenenay, ny mahantra amin'ny fanahy, ireo izay noana.

283 Andriamanitra, manangàna mpitoriteny, hatraiza hatraiza. Fenoy ny Fanahy Masina izy ireo, ka iraho izy ireo, hitory teny, Tompo, tahaka ny vainafo. Tsy fantatray hoe ora inona . . . Indray mandeha ihany no andalovanay amin'ity làlana ity. Mety maty indray mandeha fotsiny ihany izahay, ary ho an'Andriamanitra ny saotra ny amin'izany. Fa, ilay fiainana manaraka, dia tsy hitory ny Filazantsara izahay ao amin'ilay fiainana manaraka izay ho avy; fa hifaly amin'ny Filazantsara izahay, miaraka amin'ireo tao amin'ny taona izay nanaiky an'Izany; miaraka amin'ilay Lohan'ny Kapiteny, Jesosy Tomponay Izay mendrika tanteraka, ary ho Azy anie ny dera rehetra mandrakizay sy mandrakizay. Amena.

284 Andriamanitra hitahy anareo. Mitodiha ka mifandraisa tànana, raha mbola mihira isika *Isaorana Anie Ilay Tady Izay Mamatotra*, raha sitrakareo.

> Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
> Ny fontsika ao amin'ny fitiavana Kristiana;
> Ny fiombonan'ny fisainam-pihavanana
> Dia tahaka an'ilay any Ambony.
>
> Eo anoloan'ny Seza fiandrianan'ny Raintsika,

285 Ankehitriny, dia mifandraisa tànana. Folo minitra sisa, ny fotoana, izay hampifandimbiasana an'ireo jiro ankehitriny. Mifandraisa tànana ianareo rehetra, mandehana mody, mifalia, ary miverena rahampitso hariva. Amin'ny fito sy sasany, marina tokoa, no hanombohantsika ny fotoana, raha sitrak'Andriamanitra. Mahafinaritra toy ny ahoana . . .?. . .

Ireo Taom-Piangonana Fito MAG54-0512
(The Seven Church Ages)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alarobia hariva, 12 May, 1954, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2023 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org